



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

PRESIDENCE DE LA REPUBLIQUE



LALANA LAHARANA FAHA- 2017 – 009
TAMIN'NY 04 JOLAY 2017
MOMBA NY LALANA FANITSIANA NY
FITANTANAM-BOLAM-PANJAKANA
HO AMIN'NY TAONA 2017



LOI N° 2017 – 009
DU 04 JUILLET 2017
PORTANT LOI DE FINANCES RECTIFICATIVE
POUR 2017

**LALANA LAHARANA FAHA-2017-009
TAMIN'NY 04 JOLAY 2017
MOMBA NY LALANA FANITSIANA NY
FITANTANAM-BOLAM-PANJAKANA
HO AMIN'NY TAONA 2017**



LALÀNA LAHARANA FAHA 2017-009

MOMBA NY LALANA FANITSIANA

NY FITANTANAM-BOLAM-PANJAKANA AMIN'NY TAONA 2017



FAMELABELARANA NY ANTONANTONY

Ankehitriny ny Paikady Natao Dinasa (PND), dia miditra ao anatin'ny taona fahatelo fanatanterahana azy, ary mihamahazo aina tsikelikely arak'izany ny toekarem-pirenena hatramin'ny nampiharana io paikady io. Nisedra sakana goavana izany ezaka izany, nanomboka ny fiandohan'ny taona 2017, noho ny tsy fahampian'ny rotsak'orana sy ny fandalovan'ny rivodoza ENAWO tamin'ny volana martsa. Izany tranga rehetra izany dia namela takaitra tamin'ny toekarem-pirenena ka nitarika ho amin'ny fampidinana ny vinavina mahakasika ny tahatombon'ny harikarena faobe amin'ity taona 2017 ity.

Etsy andaniny, ny fiakaran'ny fampiasam-bola sy ny fanovana rafitra ifotony dia fototry ny paikadin'ny Governemanta ankehitriny mba hametrahana fitomboana ara-toekarena isitran'ny rehetra sy hanamafisana ireo sehatra ara-tsosialy sy ny ara-potodrafit'asa. Mifanaraka amin'izany fijery izany, ny Governemanta malagasy dia nanatanteraka ny "Conférence des Bailleurs et des Investisseurs (CBI)", izay nampivondrona ireo mpamatsy vola, ireo mpiara-miombon'antoka ara-teknika sy ara-bola, ary ireo mpampiasa vola tsy miankina avy any ivelany. Arak'izany ary, ny vokatry ny CBI sy ny fanarahana ny fandaharan'asa FEC (Facilité Elargie de Crédit) miaraka amin'ny tahirim-bola iraisam-pirenena (FMI) dia nahafahana nametraka vina vaovao eo amin'ny ivo ezaka sy ny fanamby mifanaraka amin'izany. Anisan'izany, ny fampihenana ny faharefoana anatin'ny mifandray amin'ny fahasahiranana'ireo orinasam-panjakana JIRAMA sy Air Madagascar. Noho izany dia hisy ny fanitsiana ireo sorabola eny anivon'ny Andrimpanjakana sy ny Ministera voakasik'izany.

Ny tolo-draharaha ara-tsosialy dia mijanona ho laharam-pahamehana ary mbola hotohanana hatrany: ny sehatry ny fahasalamana, ny fanabeazana, ny rano sy ny fidiovana, ny filaminam-bahoaka ary ny fiahiana ara-tsosialy. Ireo asa ireo anefa dia mety hiova sori-dalana ka hirona bebe kokoa amin'ny fandraisana an-tànana ireo voka-dratsin'ny rivodoza ENAWO.

I- SORIDALANA SY FIVOARAN'NY TOEKARENA AMIN'NY ANKAPOBENY

Ainga-pivoarana nolefahan'ny fikorontanan'ny toetr'andro

Ny fitomboan'ny harikarena faobe izay novinavinaina ho 4,5% ho amin'ny taona 2017 dia nahitsy ho 4,3%. Sampam-pamokarana dimy no voakasika tamin'izany fanitsiana izany, dia ireto: ny fambolena, ny fitaterana mpandeha, ny taozava-baventy mpitrandraka harena an-kibon'ny tany, ny fitaterana entana ary ny fiompiana sy ny jono. Ny fikorontana ara-toetr'andro dia niantraika tamin'ny seha-pamokarana sokajy voalohany izay nahitana fihenana eo amin'ny fisongany. Etsy andaniny, maivana kokoa ny fiantraikan'ny rivodoza ENAWO teo amin'ny sokajin-tsehatra roa hafa raha mitaha amin'ny sokajin-tsehatra voalohany na dia nitondra fahasimbana tamin'ny fotodrafitrasa maro aza izany. Manazava izany ny fisian'ny sampam-pamokarana izay nahitana vokatra tsara kokoa noho ny fahavitrihana hita teo aminy. Ny seha-pamokarana sokajy fahatelo no hitarika ny fitomboan'ny harikarena faobe.

Ho an'ny seha-pamokarana sokajy voalohany, izay niharan'ny voina mafy indrindra, dia hihena ny vina-pitomboana izay 2,8% ka ho lasa 0,8%. Ny tsy fahampian'ny orana tamin'ny fotoam-pamafazana sy ny rivodoza izay nitranga volana vitsy taorian'izany mantsy dia nisy fiantraikany ratsy tamin'ny sampana fambolena izay niiba 0,3% raha toa ka fitomboana 3,5% no nandrasana. Ankoatr'izany, ny fiakaran'ny sampana fiompiana sy jono dia voavina ho 2,0% raha toa ka 2,5% izany teo aloha.

Ny tahatombon'ny seha-pamokarana faharoa izay 5,4% dia ho lasa 5,7%. Ny taozava-baventy mpanodina ny voka-pambolena dia haneho taha-piakarana 10,5% raha toa ka 7,7% izany teo aloha noho ny fiaraha-miasa amin'ny sehatra tsy miankina mba hampandeha indray ny orinasa mpamokatra siramamy any Nosy-Be sy Brickaville. Torak'izany ihany koa ny taozava-baventy mpamokatra zava-pisotro izay hahita tahatombo 7,5% raha toa ka 5,3% no vinavina teo aloha noho ny fampitomboana ny karazam-bokatra. Ankoatr'izay, voavinavina ho 15,6% ny fivelaran'ireo orinasa afakaba raha toa ka 11,2% izany tao amin'ny LFI. Manazava izany fahavitrihana izany ny fiverenana sy ny fanalavana teo anivon'ny AGOA sy ny fanavaozana ny rafitry ny toekarena sinoa (fitomboan'ny karaman'ny mpiasa) izay mety hahazoan'i Madagasikara tombony amin'ny famokaran-damba.

Hihatsara ihany koa ny vinavina eo amin'ny sehatra sokajy fahatelo izay 5,2% ka ho lasa 5,8%. Izany fivoarana izany dia azo avy amin'ireo tetikasa fanarenana sy fampiasam-bola vaovao amin'ny sehatra maro toy ny angovo sy ny fizahan-tany ary ny fotodrafitrasa. Ny sampana BTP (15,3% raha toa ka 12,8% ny tao amin'ny LFI) sy ny asa-pitaterana fanampiny (23,0% raha toa ka 6,2% ny tao amin'ny LFI) ary ny fifandraisan-davitra (4,5% raha toa ka 3,9% ny tao amin'ny LFI), ohatra, dia sehatra hahazo tombony amin'izany tetikasa fampiasam-bola izany.

Finjavana hampitombo ny fampiasam-bola eo amin'ny ivo ezaka

Mikatsaka izay hampiroboroana ny fampiasam-bola ny Fanjakana Malagasy mba hihatrehana ireo asa ara-tsosialy goavana sy ara-potodrafitr'asa ilaina maika, ary koa mba hampirorenana fivoarana marin-toerana sy isitrahan'ny rehetra izay antoka hahatsara kokoa ny farim-piainan'ny vahoaka.

Ny taha-pampiasam-bola vinavinaina ho amin'ny taona 2017 dia heverina hiakatra raha oharina amin'ny LFI, ka hahatratra 19,2%. Ny taha-pampiasam-bolam-panjakana amin'izany dia ho 8,2%.

Eo amin'ny ivo ezaka ny asa dia hifototra kokoa amin'ny fampiakarana ny famatsiam-bola amin'ny sehatra izay mbola nahitana fahatarana toy ny angovo, ny lalana, ny fotodrafitrasa eny amin'ny seranan-tsambo, ny fanabeazana sy ny fahasalamana ary ny fampandrosoana ny tontolo ambanivohitra. Mifanaraka amin'izany fomba fijery izany dia maro ireo tetikasa nambara nandritry ny CBI ka hotanterahina mandritry ny telo na dimy taona, ho an'ny seha-panjakana sy ny sehatra tsy miankina.

Vahaolana maika ilaina taorian'ny fandalovan'ny rivodoza ENAWO

Tombanana ho 129,4 tapitrisa dôlara amerikana ny vola ilaina ho entina hanarenana sy hamahana olana ary hamerenana amin'ny laoniny izay simba noho ny fandalovan'ny rivodoza ENAWO, tamin'ny volana martsa lasa teo.

Araka izany dia mitentina 50,3 tapitrisa dôlara amerikana no fanampiana vonjy taitra ilaina ary efa azo, ankoatra ireo fanampiana avy amin'ny mpiara-miombon'antoka ara-teknika sy ara-bola. Izany tetibola izany dia ho hita soritra ao anatin'ny fandaharan'asan'ny fampiasam-bolam-panjakana. Ireo hetsika ho hatao dia mahakasika ny fanamboarana ireo fotodrafitrasa sy ny famerenana amin'ny laoniny ny sehatry ny lalana, ny fanabeazana, ny fahasalamana, ny fitaterana sy ny fambolena ary ny JIRAMA.

Ilaina ny mampihena ny faharefoana

Ny fitandrovana ny fahamarinan-toeran'ny harifaobe sy ny fametrahana ireo fototry ny fivoarana maharitra sy isitran'ny rehetra dia mety tsy ho voatana, noho ny fisian'ny faharefoana maro. Ireto farany noho izany dia mitarika fanamby tokony ho atrehana sy ho vahan'ny Governemanta. Mifanara-kevitra amin'izany, tokony hoheverina haingana ny fomba fitantanana sy ny fahaiza-manao entina hampiasa ireo hanam-pamokarana goavana heritreretina ho tonga; hohamafisina ireo paikady sy ireo fepetra mba hanatsarana ny fahafaha-miatrika ny fikorontan'ny toetr'andro; ary hotohanana amin'ny alàlan'ireo fepetra fampiasana tetibola efa misy, toy ny famindram-bola, ireo orinasam-panjakana miatrika fahasahiranana anatin'izany ny JIRAMA sy ny Air Madagascar.

Vaindohan-draharaha ho an'ny Fanjakana ny fijerena ireo faharefoana sy ny fampifanarahana ny ao amin'ny Tetibola amin'izy ireo.

Fisondrotan'ny vidim-piainana noho ny fikorontanana ara-toetr'andro

Ny telovolana voalohany, ny taona 2017 dia voamariky ny fikorontanana goavana nentin'ny andro ratsy izay niantraika tamin'ny vidim-piainana amin'ny ankapobeny. Ny tsy fahampian'ny rotsak'orana nahakasika faritra maro teto amin'ny nosy, sy ny rivodoza ENAWO araka izany dia nitondra takaitra betsaka tokoa. Na dia teo aza anefa izany, ny tolotra teo amin'ny vary sy teo amin'ireo entana ilaina amin'ny andavan'andro dia tsy voakasika loatra nandritra io fotoana io. Tsara ho fantatra fa ny fisondrotry ny vidim-piainana voatsikaritra dia avy amin'ny somary fiakaram-bidy teo amin'ny vidin-

tsolika eny amin'ny mpanjinjara nandritra ny telovolana voalohany, ary ny fihetsika nasehon'ny mpandraharaha izay nampihatra nialoha ny mety ho fiakaram-bidy vokatr'ireo fikorontanana ireo.

Ny fisondrotry ny vidim-piainana noho izany dia nitombo ho 7,8% amin'ny salany, raha ny vinavina tany aloha dia 7,1%

Fihenan-danjan'ny Ariary manoloana ireo vola vahiny mahazatra

Ho an'ny taona 2017, ny tontolon'ny fifanakalozana iraisam-pirenena dia hahitana ny fitohizan'ny fiakara-danjan'ny Dôlara amerikana izay efa hita soritra tamin'ny taona 2016, izany dia niaraka tamin'ny fahamarinan-toeran'ny vidin'ny barilan'ny solitany. Ny toe-javatra nisy ara-toekarena tany Etazonia tamin'ny taona 2016 mantsy dia nahatonga ny Dôlara amerikana nahazo vahana teo amin'ny sehatry ny fifanakalozana iraisam-pirenena. Ho an'ity taona ity, io tranga io dia hitohy noho ny pôlitika izay hampiakarana ny tahan'ny zana-bola teo amin'ny tsenam-bola amerikana ary hisarika renivola betsaka. Noho izany dia tokony hihen-danja ny Ariary manoloana io vola amerikana io. Etsy andanin'izany anefa, vinavinaina ho maivana kokoa noho ny tany am-boalohany ny fihenan-danjan'ny vola malagasy raha mitaha amin'ny DTS amin'ny taona 2017. Io fihatsarana io dia vokatry ny famoaham-bola avy amin'ny FEC.

Arak'izany, ho an'ity taona ity, ny Dôlara amerikana dia ho sandaina amin'ny salany 3 384,6 Ariary raha 3 349,8 Ariary ny tao amin'ny LFI 2017, raha toa ny DTS dia hitentina 4 608,2 Ariary raha 4 670,9 Ariary ny tao amin'ny LFI 2017.

Niharatsy ny fifanakalozana ankapobeny ho an'i Madagasikara sy ny any ivelany

Ny toeran'i Madagasikara eo amin'ny sehatry ny fifanakalozana iraisam-pirenena dia hisy fihenàna ho an'ny taona 2017 raha oharina amin'ny vinavina napetraka voalohany. Izany fihenàna izany dia vokatrin'ny faharatsian'ny fifanakalozana mahazatra na dia teo aza ny fahatsaran'ny toe-danjan'ny kaontin'ny renivola sy ny famatsiam-bola.

Raha eo anivon'ny toe-danja ara-barotra no resahana dia, hiakatra 9,9%, izany hoe 1727,1 tapitrisa DTS, ny fanondranana entana noho ny fiakaran'ny sandan'ny fanondranana harena ankibon'ny tany sy ny lavanila natoraly malagasy. Raha ny mahakasika ny fanafarana entana indray dia tomanana hiakatra 16,8% (na 2279,3 millions DTS), izany noho ny filàna ara-pitaovana. Eo anoloan'izany anefa dia tsy hahasarona afatsy ny 75, 8%- n'ny fanafarana entana ny vola azo avy amin'ny fanondranana entana. Noho izany, ny toe-danja ara-barotra dia nahitsy niakatra, ka hitentina 552,2 tapitrisa DTS ny fatiantoka raha 380,8 tapitrisa DTS novinavinaina teo aloha.

Ny famindram-bola avy any ivelany sy ny fanampiana ara-tetibola dia hahitana ambim-bava 529,8 tapitrisa DTS eo amin'ny kaonty mahazatra raha 471,1 tapitrisa DTS no vinavina teny ampiandohana. Ny tena mahatonga izany dia ny ampahany mankany amin'ny سهام-panjakana, izay hahitana fiakarana 27,5% noho ny fahazoana maribola fanampiny, avy amin'ny Banky Iraisam-pirenena (80,0 tapitrisa dôlara amerikana) sy avy amin'ny Vondrona Eoropeana (15,0 tapitrisa Euro). Ankoatr'izay, ny toe-danjan'ny hary hahitana fatiantoka 313,0 tapitrisa DTS, ka izany rehetra izany dia hiteraka fatiantoka mitentina 363,1 tapitrisa DTS eo anivon'ny kaontim-pifanakalozana mahazatra amin'ny ankapobeny.

Raha ny toe-danja ny kaontin'ny renivola sy ny famatsiam-bola indray dia hiakatra 288,7 tapitrisa DTS raha toa ka 178,7 tapitrisa DTS izany tany am-boalohany. Ny tena mahatonga io fitomboana io dia ireo findramam-bola avy any ivelany mankany amin'ny tetikasa (18,5 tapitrisa DTS) sy ny tohana ara-tetibola (43,4 tapitrisa DTS) ho an'ny seha-panjakana. Ireo vola fanampiny ireo dia mifandray indrindra amin' ireo fanampiana vonjy taitra izay fifanarahana vaovao niarahana tamin'ny Banky Iraisam-pirenena sy ny Banky afrikana ho an'ny fampandrosoana.

Vokatr'izany rehetra izany, ny fatiantoky ny toe-danja ankapobeny dia hiakatra 74,4 tapitrisa DTS (1,0%-n'ny HAF) ho amin'ny taona 2017 raha 24,4 tapitrisa DTS (0,3%-n'ny HAF) izany tao amin'ny LFI. Ao anatin'izany, ny fatiantoka ankapobeny dia ho vatsin'ny ampahany faharoa avy amin'ny fanampiana ara-bolan'ny FMI mifandraika amin'ny FEC, izay mitentina 45,6 tapitrisa dôlara amerikana, izany hoe 33,5 tapitrisa DTS. Noho izany, ireo tahirim-bola vahiny ôfisialy dia hahitana fitomboana 29,8% ; izany hoe 896,0 tapitrisa DTS izay ahafahana manafatra entana mandritry ny 3,4 volana.

Fiantraikany amin'ny tetibola goavana

Ny toe-java-misy nandritry ny enimbolana voalohany ny taona 2017 dia nisy fiantraikany lehibe teo amin'ny tetibolam-panjakana. Ireo fiovana naterak'izany dia mamaritra tokoa mantsy ny fifandajan'ny tetibola.

Taorian'ny tamberin-jerin'ny fandaharan'asa FEC sy ny fandalovan'ny rivodoza izay nifampitohy tamin'ny fotoana maharitra tsy naha ampy ny rotsak'orana, dia tsy maintsy hanisy fanitsiana amin'ny tetibola sy ireo sorabolany ny Fanjakana. Hapetraka ho laharam-pahamehan'ny fandanium-bola eo amin' ireo sehatra tena niharam-boina. Ny sehatry ny Fahasalamana (hôpital, fitaovana, ...), ny Fanabezana (sekoly, fitaovana, ...), ny Fambolena, ny Fitaterana (fitaterana an-dranomasina sy an-dranomamy ary an-dalamby, ...), ny fotodrafitrasa (tetezana, lâlana, lâlana-drano, tohan-drano, ...) no voakasika izany. Tsy mampiova ny fanatrarana ireo tanjona napetraka tao amin'ny PND ireo laharam-pahamehana ireo.

Ankoatr'izany, ny fandrindrana ny fidiram-bola dia tokony ho hatsaraina mba ho ampy ny fahalalahana ara-tetibola.

Fahatomombanana eo amin'ny faminavinana ny vola miditra

Ny Taha-tsindrin-ketra (TPF) dia hijanona ho 11,4%. Io tanjona io dia mamaly ny fanamby hitazomana fahalalahana ara-tetibola bebe kokoa ahafahana manefa ny fandania rehetra, indrindra ny eo amin'ny sehatra sôsialy. Ny vola miditra avy amin'ny hetra dia hiakatra 3,8% ka raha 3 931,1 miliara Ariary izany dia ho lasa 4 081,0 miliara Ariary (afakaratsaka). Izany ezaka izany dia vokatry ny fanamafisana orina ny sampan-draharahan'ny hetra eo amin'ny lafin'ny famorian-ketra.

Ny vola miditra avy amin'ny hetra anatin'ny dia ahitana fiakarana 5,0% raha ampitahaina amin'ny vinavina teo aloha. Vinavinaina ho 2 104,0 miliara Ariary izany raha toa ka 2 004,1 miliara Ariary izany teo aloha. Ny fampiharana ireo fepetra vaovao sy ny fanohizana ireo ezaka teo aloha no anton'izany fiakarana izany. Eo anivon'ny fadintseranana, ny vola miditra dia tokony hahatratra 1 977,0 miliara Ariary raha novinavinaina ho 1 927,0 miliara Ariary izany. Io fihatsarana 2,6% io dia noho ny fahombiazana eo amin'ny vola miditra avy amin'ny fanafarana entana aman-draharaha nandritry ny telo

volana voalohan'ny taona 2017, sy noho ny fanefana ny haba-tseranana tsy voalohan'ny orinasa Air Madagascar. Izany tranga izany dia hameno ny fiantraikan'ny fifanaraha-piaraha-miasa ara-toekarena (APEi) miaraka amin'ny Vondrona Eôropeana sy ireo vokatry ny fanafoanana ireo sakana avy amin'ny haba-tseranana sasany noho ny fidiran'i Madagasikara ao amin'ireo faritra ifanakalozana afakaba toy ny SADC sy ny COMESA.

Raha ny vola miditra ankoatry ny hetra kosa indray dia ho voatazona ho 76,5 miliara Ariary izany.

Fanitsiana teo amin'ny Fandaniam-bolam-panjakana

Araka ireo tanjon'ny PND sy ireo fifanekena tamin'ny FEC, ireo ezaka ataon'ny Governemanta dia hiompana hatrany amin'ny sehatra sôsialy sy ny fotodrafitrasa ary ny fampandrosoana ny tontolo ambanivohitra. Ireo fikorontanany toetr'andro tany amin'ny voalohan'ny taona dia mitarika ny fandraisana an-tànana ny fandaniana vonjy taitra sy ny fanovana ireo sorabola eny anivon'ny Ministera isan-tsehatra.

Ankoatr'izany, ny tamberin-gerin'ny fandaharan'asa FEC dia nitondra fijerena manokana ny fandaniana sasan-tsasany. Anisan'izany ny fametrahany Governemanta sorabola fanampiny entina hanohanana ireo orinasam-panjakana mandalo fahasahiranana, dia ny JIRAMA sy ny Air Madagascar, noho ny fahatsapana fa anisan'ny kitro ifaharan'ny fampandrosoana ny firenena izy ireo.

Amin'ny ankapobeny, ny fitambaran'ny fandaniam-bolam-panjakana dia hahitana taha-piakarana 9,6%, ka raha 6 709,2 miliara Ariary teo aloha dia hahitsy ho 7 353,5 miliara Ariary izany, tafiditra ao anatin'izany ny famerenana ny TVA.

Fifehezana ny fatiantoka

Ny fatiantoky ny fanjakana dia hiakatra ka hahatratra 5,9%-n'ny HAF raha novinavinaina ho 4,4%-n'ny HAF izany. Na izany aza, ny fahafaha-mizaka ny fatiantoka dia tsy hisy ahiana satria hisy loharanom-bola maharitra ho azo avy amin'ny famatsiam-bola anatin'ny sy ivelany.

II- SORIDALAN'NY TETIBOLA AO AMIN'NY LALANA FANITSIANA MIFEHY NY FITANTANAM-BOLAM-PANJAKANA 2017

A. VOLA MIDITRA

1. HETRA

Ny Lalàna mifehy ny fitantanambolam-panjakana nasiam-panitsiana amin'ny taona 2017, mandala ny fifandanjana ara-tetibola sy ny fitantanana mahomby mikasika ny fitantanambolam-panjakana, dia manome vahana ireo fepetra fanamorana sy ny fangaraharàna ara-ketra, sady miaro hatrany ny fidiram-bolam-panjakana, kanefa tsy manamaivana ny fanamafisana ny fitantanana sy ny andraikitra ny mpandoa hetra.

Araka izany, ireo fanitsiana ankapobe mikasika ny fepetra ara-ketra aroso ao anatin'ity lalàna mifehy ny fitantanabolam-panjakana nasiam-panitsiana amin'ny taona 2017 ity dia miompana amin'ireto teboka manaraka ireto :

- **ny fanatanterahana ny fanamorana sy ny fangaraharàna amin'ny alalan'ny :**
 - fanitarana amin'ny mpanao saik'asa ny fahafahana hamoaka antontan-taratasy mahasolo fakitiora ;
 - fanohizana ny fampiatoana ny fandoavan-ketra alaina amin'ny fanambarana atao amin'ny fandovàna sy ny fizaram-pananana avy amin'ny fandovàna hatramin'ny 31 desambra 2017 ;
 - fanesorana ny haba amin'ny tataom-bidy (TVA) amin'ny fanafarana sy ny fivarotana seza misy kodiarana sy ny toa azy ho an'ny olona manan-kilema ;
 - fahafahana manao fampahafantarana raikitra avy hatrany ka tsy mandalo amin'ny fampahafantarana ny fanitsiana raha manaiky an-tsitrapo ilay mpandoa hetra;
 - tsy maintsy anaovana fanamarihana ao anatin'ny fampahafantarana raikitra ireo lalana ahafahana mampiakatra ny fitoriana mba tsy ahafoana izany;
- **ny fiarovana sy fanatsarana ny fidiram-bolam-panjakana amin'ny alalan'ny :**
 - ny fanamafisana ny tsy maintsy handrotsahana isam-bolana ny IRSA ho an'ireo fikambanana tsy miankina (ONG), fikambanana sy ny tetikasa, ho an'ireo antokon-draharaham-panjakana sy ireo sampan-draharaha miankina na tsy miankina aminy, ary ny mety ho fahafahana handrotsaka izany isaky ny enim-bolana.
 - ny fandraisana ny ampaham-bola arotsaka mialoha amin'ny hetra amin'ny vola miditra amin'ny raharaha fanafarana sy fanondranana entana ataon'ireo mpandoa hetra vao nahazo laharam-pamantarana;
 - fametrahana lamandy amin'ny tsy fanaovana fitanana sy fandrotsahana ny hetra tambatra mitsitapitapy (ISI) ho an'ireo olon-tsotra na fikambanana tsy iharan'ny hetra amin'ny vola miditra (IR) na hetra tambatra (IS);
 - fametrahana lamandy amin'ny fanaovana fanambarana hosoka amin'ireo raharaha iharan'ny haba amin'ny taha aotra sy ireo raharaha tsy voan'ny TVA;

- famerana manokana ho folo taona ny fepotoana hananan'ny fandraharahana ara-ketra hiverenana ho an'ireo raharaha mikasika ny fikoriam-bola tsy ara-dalàna.
- **ny fanamafisana ny fitantanana sy ny andraikitra ny mpandoa hetra amin'ny alalan'ny:**
 - fametrahana ny fitazonana ny firaketana ny sora-bolan'ny vola miditra sy ny vola mivoaka ho an'ny antokon-draharaha sasantsasany iharan'ny Hetra tambatra;
 - fanovàna ny sampan-draharaha miandraikitra ny famoriana ny haba amin'ny dokam-barotra amin'ny haino aman-jery sy ny haba amin'ny lalao atao amin'ny onjam-peo sy fahitalavitra.

Farany, ho famenoana ireo fepetra misy ankehitriny, dia natao ny fanadiovana vitsivitsy, fampanarahana toetr'andro, fanitsiana, fanoritana sy fanazavana izany.

2. FADINTSERANANA

2.1. MIKASIKA NY FEHEZAN-DALANA MOMBA NY FADINTSERANANA

Ny fanitsiana entina amin'ny Fehezan-dalàna momba ny Fadintseranana dia nokendrena ahatratrarana ireto tanjona manaraka ireto :

- **Fanamafisana ny fepetra ahafahan'ny Sampandraharahan'ny Fadintseranana manatontosa tsara ny asany**, izay mikasika manokana ny fanaraha-maso ny entana alefa paositra, ny fisorohana ny fampiasana tsy mitombina ny “Vaomiera momba ny Fampihavanana sy ny Fandinihana lalina mikasika ny Fadintseranana », ny fanazavana mikasika ny fifampiraharaha tomombana sy ny fiantraikany amin'ny fitorian'ny fanjakana, ny fidiran'ireo solontena ara-dalàna sy ireo mpamatsy renivola nohon'ny fahazoana tombontsoa tamin'ny hosoka ary ny fialana andraikitra ny Fadintseranana amin'ny fahasimbana ara-boa-janahary.
- **Fampifanarahana amin'ny Fehezan-dalàna momba ny Fadintseranana iombonana amin'ny COMESA izay nekena sy nolanian'i Madagasikara** : amin'ny fametrahana ny fe-potoana ho telo (03) taona mikasika ny famerenana ny fandoavana ny haba sy ny hetra amin'ny fanafarana entana.
- **Fanazavana mikasika ny fahazoana tsy fampiharana ny lalàna sy fiarovana ireo mpiasan'ny Fadintseranana**, indrindra ny fitandroana ny mpiasa amin'ny fifandraisany amin'ireo lehibeny sy ny tsy maintsy hanajana ny fepetra mikasika ny Fitsipi-pitondran-tena mendrika mifehy ny mpiasam-panjakana amin'ny fanatontosana ny iraka.

2.2. MIKASIKA NY LAZAM-BIDY MOMBA NY FADINTSERANANA :

Ao anatin'ny fampifanarahana ny lazam-bidy amin'ny “Système Harmonisé 2017” napetraky ny Fikambanana Iraisam-pirenena misahana ny Fadintseranana, dia natao ny fanafoanana sokajy sy zana-tsokajy miisa 21 ary ny fampidirana sokajy sy zana-tsokajy miisa 23 vaovao.

Ankoatr'izay, ny tahan'ny habantseranana amin'ireo sokajy 107 anaty lazam-bidy dia nasiam-panitsiana mba ho fanajana ny fifanekena niarahana tamin'ny Vondrona Eoropeana izay noraisina anaty “Accord de Partenariat Economique Intérimaire” na (APEi), anisan'izany, sokajy “akora

fototra sy entana fampitaovana” miisa 5 nahena 8% ho 0%, sokajy “vokatra anelanelany” miisa 79 nahena 8% ho 5% ary sokajy “voahodina” miisa 23 nakarina 8% ho 15%.

Farany, mba hampifanaraka izay fepetra voalazan’ny Protocole de Nairobi tovan’ny Accord de Florence dia natao ny fampiharana ny fanafoanana ny habantseranana sy ny haba amin’ny tataom-bidy amin’ny « fauteuils roulants et autres véhicules pour invalides ».

Ny fiantraikan’ireo fanovàna ny lazam-bidy eo amin’ny fidiran-ketra dia tomanana ho fatiantoka mitentina **-0,04 miliara Ariary, na -0,01% amin’ny tanjona amin’ny fampidiram-bolan’ny Fadintseranana ny taona 2017**. Marihina fa ireo izay mikasika ny APEi dia efa voarakitra tao amin’ny Làlanan’ny Fitantanam-bolam-panjakana 2017.

B. NY FANDANIAM-BOLAM-PANJAKANA

1. NY TONTOLON’NY FANDANIANA

Ny asa fanarenana sy fanamboarana noho ny fandalovan’ny rivodoza ENAWO dia antony lehibe nahatonga ny fanitsiana eo amin’ny fandaniam-bolam-panjakana. Ny lafiny sosialy no tena nahitana fahavoazana ary faritra maro no voadona saingy ny faritra SAVA no tena nahazo takaitra. Ny fepetra vonjy taitra dia nifantoka tamin’ireo sehatra voalaza ireo, izay marihina fa mifanojo hatrany amin’ny tanjona napetraky ny PND. Ny LFR 2017 dia hiantoka ny fanatrarana ireo laharam-pahamehana isan-tsehatra araka izay tratra.

Ho fanampin’izany, ao anatin’ireo fandaharan’asa nifanarahana tamin’ny FMI, ny fanohizana ireo fanavaozana dia hiompana betsaka amin’ny fanamafisana ny fanaraha-maso ireo fandaniam-bola mahazatra sy ny fizohiana hentitra ny fanatanterahana ny fandaharan’asa fampiasam-bolam-panjakana (PIP). Ireo lahasa ireo dia hahafahana manamafy orina ny fametrahana ireo lasitra ara-pandaniana ivo ezaka (CDMT) izay efa natomboka teo anivon’ny ministera fito (07) fitratra ary eo an-dalam-panitarana amin’ireo ministera ambiny. Noho izany, ho hita soritra ny fanatanterahana ny PND/PMO. Ny tiana ambara anatin’izany dia ny fanehoana ny fifandraisan’ny fandaniam-bolam-panjakana sy ny fiakaran’ny harikarena faobe. Amin’izay fomba fijery izay dia ho tomombana kokoa ny fampiasana ireo loharanom-bolam-panjakana mba hanohanana ny zotra fampandrosoana voafaritry ny PND, ao anatin’ny fanajana ny fahamarinan-toerana eo amin’y lafiny harifaobe.

Ho an’ny isan-tsehatra, ireo hetsika natao ho vaindohan-draharaha dia voafaritry avy amin’ny fametrahana fomba famaritana laharam-pahamehana ho an’ireo fandaniam-bolam-panjakana araka ny fiantraikany amin’ny vahoaka na amin’ny fampandrosoana, ary araka ny loharanom-bola azo trandrahana. Ankoatr’izany, ny fanovana ireo sorabola dia hiompana kokoa amin’ny fandaniana hatao iantsorohana ny fahavoazana nateraky ny rivodoza kanefa tsy hatao ambanin-javatra ny sehatra sosialy (rano sy fidiovana, fanabeazana, mponina sy fahasalamana) sy ny fotodrafitrasa.

FAMINTINANA NY TETIBOLA ANKAPOBENY

FANDANIAM-BOLA	LFR 2016	LFI 2017	PLFR 2017	Fiovana (LFI/LFR)
ZANABOLA AVY AMIN'NY TROSA	290	339	339	0,0%
KARAMA	1665	1807	1807	0,0%
FAMPANDEHANAN-DRAHARAHA	1361	1679	2171	29,3%
- Tambinkarama	143	170	170	0,0%
- Entana sy raharaha	212	314	301	-4,2%
- Famindram-bola sy fanomezana	1256	1195	1703	42,5%
FAMPIASAM-BOLA	1681	2831	2872	1,4%
- Famatsiam-bola anatin'ny	492	686	789	15,0%
- Famatsiam-bola ivelany	1189	2144	2078	-3,1%
Findramam-bola	553	1136	1167	2,7%
Fanomezana	636	1008	911	-9,6%
<u>TOTALY</u>	4997	6656	7189	8,0%

Hiakatra 8,0% ny fandanium-bola ao amin'ny tetibola ankapobeny. Izany fiakarana izany dia azo avy amin'ny fampandehanan-draharaha ivelan'ny karama izay miabo 29,3% fa indrindra ny famindram-bola (+42,5%). Ny fampiasam-bola avy amin'ny famatsiana anatin'ny dia ahitana fiakarana 15,0% raha oharina amin'ny LFI 2017 noho ny fampidirana fandaniuma vonjy taitra ao amin'ny PIP. Kanefa, ny fampiasam-bola avy amin'ny famatsiana avy any ivelany dia hihena 3,1% noho ny fampidinana 9,6% ireo fanampiana.

Manoloana ny tsy fahampian'ny loharanom-bola eo an-tànana, ny fanesorana amin'ny ampahany ny tetibola eo anivon'ny fandaniuma sasan-tsasany dia tena ilaina manoloana ny toedraharaha ankehitriny mba ahafahana mamerina mandahatra ireo laharam-pahamehan'ny fanjakana.

Raha ny fampandehanan-draharaha, ny fandaniuma mahakasika ny entana, ny tolodraharaha ary ny famindram-bola dia hidina 11,9% izany hoe 22,5 miliara Ariary. Io fanovana io dia avy amin'ny fanesorana amin'ny ampahany ny tetibola izay mifanaraka amin'ny filàn'ireo Andrimpanjakana/Ministera.

Mahakasika ny fandaniuma ho hana-pamokarana, nisy ampahan-tetibola nesorina tao amin'ireo tetikasa mahaleotena. Noho izany, hahatratra 24,8% ireo fanesorana ireo, izay hampidina hatrany amin'ny 15,6% ny PIP anatin'ny. Antony lehibe nahatonga ireo fanesorana ireo ny fandraisan'ny Fanjakana anjara amin'ny fandaniuma vonjy taitra mitentina 1,5 miliara Ariary nafindra avy amin'ny sorabola natokana ho fampiasam-bolam-panjakana anatin'ny. Fanampin'izany dia naompana any amin'ny lahasa azo vitaina hatramin'ny faran'ny taona 2017 ny fandanium-bola.

2. NY KARAMA

FANDANIANA MOMBA NY KARAMA

Tsy misy fiovana natao mahakasika ny fanadiana ho amin'ny mpiasam-panjakana ao anatin'ity LFR ity raha ampitahaina LFI 2017.

Ny antontan-karama

Ny sorabola natokana ho an'ny antontan-karama (sokajy faha-2) izay mitentina 1 806,8 miliara Ariary dia tsy niova raha oharina amin'ny LFI 2017.

Ireo tambikarama

Ny tambikarama dia mitentina 170,4 miliara Ariary ary tsy nasiana fanovana ihany koa raha oharina amin'ny LFI.

3. NY FAMPANDEHANAN-DRAHARAHY IVELAN'NY KARAMA

Entana sy Raharaha

Ahitana fihenana 4,2% ny Fandania mikasika ny Entana sy Raharaha ao anatin'ny LFR 2017 raha miohatra amin'ny LFI 2017, satria nanjary 300,8 miliara Ariary izany raha 313,5 miliara Ariary teo aloha.

Famindram-bola sy Fanomezana (ivelan'ny sisa tsy voaloha sy ireo fandaminana kaonty)

Miakatra 42,5% izany ao amin'ny LFR 2017 raha miohatra amin'ny LFI 2017, ka nanjary 1 703 miliara Ariary raha 1 195 miliara Ariary teo aloha. Izany fiakarana izany dia tafiditra anatin'ny fanohanana ireo sehatra stratejika ho an'ny toekarem-pirenena. Ireo Fandania ireo dia natokana indrindra hanenana ny faharefoana izay mety hiteraka tsy fahatomombanana eo amin'ny sehatra ara-toekarena ankapobeny. Miditra tanteraka anisan'ny laharam-pahamehana amin'ny fandanium-bolam-panjakana noho izany ny fanampiana ireo Orinasam-panjakana lehibe izay misedra fahasahirana, ka anisan'izany ny JIRAMA.

4. NY FANDANIANA HO AN'NY HANA-PAMOKARAM-PANJAKANA

NY FANDAHARAN'ASA FAMPIASAM-BOLAM-PANJAKANA (PIP)

Eo amin'ny lafiny fampiasam-bola anatin'ny dia ahitana fiakarana 15,0%, izay mitentina 103 miliara Ariary. Etsy andaniny, izany fison-drotana izany dia vokatry ny sorabola fanampiny izay mitentina 151,1 miliara Ariary ka ny 118,5 miliara Ariary amin'izany dia natokana ho an'ny fandania vonjy taitra ary ny 32,7 miliara Ariary kosa natokana ho an'ny fampiasam-bola hafa. Etsy ankilany kosa, hitentina 48,2 miliara Ariary ny tetibola esorina ao anatin'ny fampiasam-bola hafa. Vokatr'izany dia hihena 15,6 miliara Ariary ny fampiasam-bola hafa.

FITSINJARAN'NY FFBP ISAKY NY PAIKADIN'NY PND

Ny fiovana goavana indrindra dia mahakasika ny zotra faha-5 ao amin'ny PND « Fanomezan-danja ny fotokarena voajanahary sy fanamafisana ny fahafaha-miatrika ireo tandindonindoza voajanahary » izay hitarafana ny ezaka fanarenana sy fanamboarana ataon'ny Governemanta taorian'ny rivodoza. Ireo fandaharan'asa mifanaraka amin'ny zotra faha-2 dia omen-danja mba ahafahana manohy ny fanohanana ny teti-pivoarana ho an'ny fampandrosoana, izany dia atao hatrany ao anatin'ny fitandroana ny fahamarinan-toeran'ny harifaobe. Na dia izany aza anefa, ireo tetikasa laharam-pahamehana dia mitana anjara toerana lehibe ao anatin'ny zotra faha-3 « Fitomboan'ny harikarena iaraha-misalahy sy fampioenam-paka ifotony ny fampandrosoana » sy faha-4 « Fotokarena maha-olona mifandraika amin'ny zotram-panatanterahana ny fampandrosoana » na dia nisy aza ny fihenana'ny sorabola voatokana ho amin'izany raha mitaha amin'ny LFI.

Miliara Ariary

Zotra PND	LFI 2017			PLFR 2017		TOTALY	Fiovana % LFR/LFI
	IVELANY	ANATINY	TOTALY	IVELANY	ANATINY		
ZOTRA 1 : FITANTANANA, TANY TANDALÀNA, FILAMINANA, FITSINJARAM-PAHEFÀNA, DEMOKRASIA, FIRAISANKINAM-PIRENENA	131,4	117,8	249,2	147,0	114,5	261,5	4,94%
ZOTRA 2 :FITANDROVANA NY FAHAMARINAN-TOETRY NY HARIFAUBE ARY TOSIKA HO AMIN'NY FAMPANDROSONA	40,0	111,4	151,4	55,9	108,9	164,8	8,85%
ZOTRA 3 : FITOMBOAN'NY HARIKARENA IARAHA-MISALAHY SY FAMPIOENAM-PAKA IFOTONY NY FAMPANDROSOANA	1 468,9	268,1	1 737,0	1 312,5	330,3	1 642,8	-5,42%
ZOTRA 4 : FOTOKARENA MAHA-OLONA MIFANDRAIKA AMIN'NY ZOTRAM-PANATANTERAHANA NY FAMPANDROSOANA	457,4	169,0	626,5	487,5	219,2	706,7	12,80%
ZOTRA 5 : FANOMEZAN-DANJA NY FOTOKARENA VOAJANAHARY SY FANAMAFISANA NY FAHAFAHA-MIATRIKA IREO TANDINDONIN-DOZA VOAJANAHARY	97,8	20,2	117,9	123,9	19,9	143,8	21,97%
FITAMBARANY	2 195,5	686,4	2 881,9	2 126,8	792,9	2 919,7	1,31%

FITSINJARAN'NY FFBP ISAN-TSEHATRA AMIN'NY 2017

Noho ny toe-draharaha misy dia nomena vahana manokana ny sehatra famokarana indrindra ny fampandrosoana ny tontolo ambanivohitra ao anatin'ny fitsinjarana isan-tsehatra ny FFBP. Na izany aza anefa, ny fahosan'ny mponina izay nampian'ny loza ara-boajanahary dia nanosika ny Fanjakana hampiakatra ny sorabola FFBP ho an'ny sehatra sôsialy.

FITSINJARANA ISAN-TSEHATRA		LFI 2017			LFR 2017		
SEHATRA	ANARANAN'NY SEHATRA	IVELANY	ANATINY	TOTALY	IVELANY	ANATINY	TOTALY
A	FAMOKARANA	16,9%	3,2%	20,1%	18,2%	3,4%	21,5%
B	FOTODRAFITRASA	39,4%	7,3%	46,7%	30,4%	9,2%	39,5%
C	SOSIALY	14,4%	5,2%	19,6%	17,6%	6,9%	24,4%
D	FITANTANAN-DRAHARAHA	5,5%	8,1%	13,6%	6,8%	7,8%	14,5%
	FITAMBARANY	76,2%	23,8%	100,0%	72,8%	27,2%	100,0%

Sehatra « Sosialy »

Ny tahan'ny sehatra sôsialy ao anatin'ny FFBP dia lasa 24,4% ato amin'ny LFR raha toa ka 19,6% izany tao amin'ny LFI.

Noho ny anjara toerana lehibe tazomin'ny sehatra sosialy ao amin'ny Politika ankapoben'ny fanjakàna, ny tetibola ho an'io sehatra io dia tsy mba niharan'ny fanapahana betsaka ao amin'ny LFR 2017. Noho izany dia ilaina ny manamarika manokana fa niakatra ny fandaniahana hana-pamokarana ho an'ireo ministera telo (Fahasalamana, Fanabeazana, Mponina) ao anatin'ny sehatra sosialy, na inona na inona famatsiam-bola resahana.

Fanabeazana

Taorian'ny fandalovan'ny rivodoza ENAWO dia tomanana ho 42 tapitrisa dôlara amerikana ny fitambaran'ny fahavoazana. Ireo fahasimbana dia toa izao: efitrano fianarana simba tanteraka 2 329, efitrano simba amin'ny ampahany 1 632 ary efitrano lasa mitafo lanitra 1 827. Noho izany antony izany, ny Ministeran'ny fanabeazam-pirenena dia nomena sorabola hana-pamokarana izay mitentina 43,6 miliara Ariary hamatsiana ny fanarenana ireo simba. Ao anatin'ny politikan'ny fanabeazam-pirenena dia tsara ny manamarika ny fitohizan'ny fandaharan'asa PASSOBA – « Programme d'Appui aux Services Sociaux de Base –Volet Education », mandrapahatongan'ny faran'ny taona 2017 sy ny fanamafisana ireo tetikasa samihafa izay mikendry ny fanatsarana ny tontolom-pampianarana any amin'ny ambaratonga voalohany toy ny « fampanaraham-penitra ny fanjarian-tsakafo », « ny fanampiana ara-tsakafo ny ambaratongam-pampianarana voalohany », « fanamboarana trano fianarana EPP ».

Fahasalamana

Ankehitriny ny ministeran'ny fahasalamana dia manana ny Politika Nasionalin'ny Fahasalamana (PNS) mifanaraka amin'ny PND. Anisan'ny fanamby lehibe napetraka manokana ny fanatsaràna ny fitantanana sy ny fikirakiràna ny tontolon'ny fahasalamana mitarika ny fahazoana ireo famatsiana ahafahana mamaly ireo filàna eny amin'ireo rafitra misahana ny fahasalamana. Izany dia mitodika any amin'ny fanatsaràna ny fotodrafitrasa efa misy (fanavaozana ireo ivotoeram-pahasalamana efa antitra, fanovàna/fanitarana) ; fanatsaràna sy/na famatsiana fitaovana ara-medikaly manaraka ny tolotra teknika; ny fampitaovana ny tontolon'ny fahasalamana.

Ny fanisana natao taorian'ny fandalovan'ny rivodoza dia namoaka antontan'isa toy izao : 25 trano fitsaboana simba, 98 trano fitsaboana mila fanarenana ary 245 trano fitsaboana mila fanamboarana ary 50 trano fitahirizana akora medikaly simba. Ny teti-bidin'izany fatiantoka izany dia 13,7 tapitrisa dôlara amerikana ka ny antsasan'izay ihany (izany hoe 7,2 tapitrisa dôlara amerikana) no nahitana famatsiam-bola avy amin'ireo mpiara-miombon'antoka ara-teknika sy ara-bola ka arindran'ireo masoivoho mpanatanteraka.

Ho amin'ny taona ho avy, ny ezaky ny Ministeran'ny fahasalamana dia hiompana amin'ny ny fanamorana ny fisitrahana ireo asa-pitsaboana any amin'ny faritra mitoka-monina amin'ny vidiny mirary sy fitsaboana manara-penitra. Marihina manokana ao anatin'io ny fanombohana amin'ity taona 2017 ity ny fandraisana an-tanana ny fahasalamana ho an'ny rehetra (CSU) any amin'ny distrika telo dia Manandriana; Morafeno ary Vatomandry.

Fiahiana ara-tsosialy

Ny fandalovan'ny rivodoza ENAWO dia niantraika ihany koa tamin'ny mponina toy ny tany amin'ireo sehatra hafa. Olona 20 no tsy hita poipoika, 50 maty, 183 naratra, 296 125 traboina, 205 424 voatery nafindra monina, 81 900 tsy manan-kialofana sy / na olona nafindra monina any amin'ny toby voatokana. Ireo faritra tena voa mafy dia : SAVA, Analanjifofo, Analamanga, ary Atsinanana izay ivondronan'ireo 91%-n'ny traboina izany hoe 269 474 traboina. Ny tapany Atsimon'ny Nosy, ivondronan'ny faritra Atsimo Andrefana, Amoron'i Mania, Ihorombe dia nahitana 440 traboina.

Noho izany tranga izany, ny Ministera misahana ny mponina dia namaly antso avy hatrany mba hamatsiana ireo traboina ary koa hizaka ny ampahan'ny fandaniana vonjy taitra eo amin'ny lafiny ara-tsakafo, ara-panabeazana sy ara-pahasalamana.

Rano sy fidiovana

Ny sehatra rano sy fidiovana dia nahitana fahavoazana goavana izay ilàna famatsiam-bola 2,4 tapitrisa dôlara amerikana, araka ny « Flash Appeal » nataon'ny BNGRC, nandritry ny fotoanan'ny rivodoza. Ny fanarenana ireo fahavoazana ireo dia mifameno amin'ny tanjon'ny Fanjakana hanatrarana ny taha-pahazoana rano fisotro madio ho 68% an-tanàn-dehibe, 50% any ambanivohitra ary taham-pisitrahana ireo fotodrafitrasam-pidiovana ho 52% ho an'ny firenena. Ankoatr'izay, ny Governemanta dia manohy ny fanatanterahana ireo tetikasa iarahana amin'ireo mpiara-miombona eny an-toerana izay mikendry ny fanamboarana fatsakana miisa 25 000 hatramin'ny taona 2018. Ny fanovana ireo sorabolam-pandaniana eo amin'ny sehatry ny Rano sy ny Fidiovana dia ilaina tokoa mba hanatràrana ireo tanjona napetraka.

Fandriam-pahalemana

Tafiditra ao anatin'ny laharampahamehan'ny Fanjakana ny fanamafisana ny filaminana sy ny fandriam-pahalemana. Mba hahatongavana amin'izany, ny fandaminana araka ny laharam-pahamehana ny tetibola natokana ho an'ny ministera voakasik'izany dia tokony hampihena ny tsy filaminana ; raha toa ka efa natao ny fanomezana fitaovana ary fomba sy ny fandraisana polisy vaovao. Manoloana ny fitomboan'ireo asan-jiolahy, dia hanamafy ny fiarovana ny olona sy ny fananany ny Fanjakana amin'ny alàlan'ny fanohanana ireo sampan-draharaham-pilaminana any amin'ny faritra amin'ny fanomezana fitaovana sy enti-manana amin'ny alàlalan'ny fampitomboana isa ny mpitandro filaminana sy fampitaovana ara- teknika. Ny Tetibola hoan'ny Ministeran'ny fiarovam-pirenena dia nasiana fandaminana araka ny laharam-pahamehana ihany koa.

Sehatra « Fotodrafitrasa »

Ity sehatra ity dia mitana ny anjara tetibola betsaka indrindra ao anatin'ny FFBP izay mahatratra 39,5% na dia 46,7% aza izany tany amin'ny LFI.

Manaraka ny sehatry ny fahasalamana, ny sehatry ny lalana ihany koa dia nahitana fahasimbana lehibe izay vinavinaina hisanda ho 34,8 tapitrisa dôlara amerikana. Seranam-piaramanidina 7 no simba, seranan-tsambo 2 no potika ary fantatra ihany koa fa misy ireo fotodrafitr'asa amin'ny famantarana ny toetry ny andro no tsy mandeha araky ny tokony ho izy. Vokatry ny rivo-mahery tsy ankiato sy ny hamafin'ny rotsak'orana dia tambazotram-pifamoivozana andalam-by 5 no tsy azo nampiasaina intsony. Ny fitambaran'ny famatsiam-bola azo dia tsy misy afa tsy 3,0 tapitrisa dôlara amerikana. Na izany aza anefa, ny Fanjakana dia hanaraka hatrany ny zotra voasoritry ny lalàna fototra mifehy ny Tetibola mikasika ny fanatsarana sy ny fikojakojana ireo lalam-pirenena. Mbola hotazomina ihany koa ny tanjona hanatrarana ny tahan'ny hatsaran'ny lalam-pirenena ho 30,0%. Ary ho torak'izany ihany koa ny tahan'ny lalana eo anivon'ny Kaominina azo ifamoivoizana mandavantaona, izany hoe 60%. Na dia eo aza anefa izany, dia hasiana ezaka fanampiny eo amin'ireo tetikasa asatanamaro toa izany koa ny fanarenana ireo takaitra navelan'ny rivodoza.

Eo amin'ny sehatry ny angovo indray dia hirona any amin'ny famokarana angovo ny ezaka ho tanterahina, amin'ny alalan'ny famatsiana jiro ny tontolo ambanivohitra avy amin'ny angovo azo havaozina sy ny tetikasa Andekaleka. Ny tanjona amin'ny tahan'ny famatsiana jiro isan-tokantrano dia 19% ho an'ny tanan-dehibe ary 15,6% ho an' ny tontolo ambanivohitra.

Sehatra « Fitantanan-draharaha »

Ny tahan'ny sehatra fitantanan-draharaha ao amin'ny FFBP dia mahatratra 14,5% ato amin'ity LFR ity raha toa ka 13,6% izany tany amboalohany.

Ady amin'ny kolikoly

Manjohy ny fampiharana ny lalàna vaovao momba ny kolikoly, ny fametrahana ireo ivotoerana sy ny fanamafisana ireo rantsa-mangaika entina miady amin'ny kolikoly (BIANCO, SAMIFIN sy CDBF) dia mitaky ny fanovana ny sorabola ho azy ireo.

Ny ministeran'ny Fitsarana dia maminavina ihany koa ny hampiodina ireo ivotoerana miady amin'ny kolikoly (PAC) ao Antananarivo sy ireo sampan-draharaha misahana ny fandrindrana ireo PAC eto amin'ny firenena any am-piandohan'ny enimbolana faharoan'ny taona 201. Izany hetsika izany dia mba ny hanatsarana ny vokatry azo avy amin'io ministra io mikasika ireo ady amin'ny kolikoly, indrindra ihany koa ny fanamafisana orina ny fanjakana tsara tantana sy ny tany tan-dalàna ary ny fampitomboana ny fangaraharàna sy ny tamberin'andraikitra.

Raha ny momba ny tetikasa « Fitsarana manakaiky vahoaka » dia tanjona apetraka ny fanokafana ireo Fitsarana ambaratonga voalohany (Fenoarivo Atsinanana), ny fanarenana ireo fotodrafitr'asa an'ny fitsaràna (TPI Ankazobe, Farafangana sy ny Filan-kevim-panjakàna), ny fampitomboana ireo fotoam-pitsaràna eo amin'ireo Fitsarana manokana ireo heloka bevava, sy ireo

fitsarana heloka bevava mahazatra ary ny fotoam-pitsaràna ankalamanjàna, ary ny fanafainganana ny fikirakiràna ireo antontan-taratasy eny amin'ireo fiadidiam-pitsarana.

Sehatra « Famokarana »

Ny sehatra famokarana dia hitazona ampahany 21,5% amin'ny FFBP raha toa ka 20,1% izany tao amin'ny LFI.

Ny sandan'ny fahasimbana ao anatin'ny sehatry ny fambolena dia novinavinaina ho 6,4 tapitrisa dôlara amerikana ka 4,7 tapitrisa dôlara amerikana no ho vatsiana amin'ny alalan'ny « Mécanisme de Réponse Immédiate (MRI) »-n'ny Banky iraisam-pirenena. Ny tontolo ambanivohitra dia itoeran'ny 80% ny mponina, noho izany dia hataon'ny Fanjakana ho laharam-pahamehana izy ireo ary hahazo ny fanohanana'ny mpiara-miombon'antoka. Ankoatry ny fanarenana ireo takaitra nateraky ny rivozoa dia eo koa ny fametrahana ny ivon-toerana « géo-informatique » izay nampiharina teny amin'ny tontolo ambanivohitra sy ny fanarenana ny loza ateraky ny fiovaovan'ny toetr'andro. Hotazomina ny tanjona voasoritra ka ho laharam-pahamehana ny fampitomboana ny vetim-pamokarana, fampivelarana ireo toeram-pamokarana amin'ny alalan'ny fampiroboroboana ireo faritra fampiasam-bola hoan'ny fambolena na « zones d'investissements agricoles » sy fanatsarana ny fidiram-bolan'ireo tantsaha mpamokatra.

Ny sehatry ny tontolo iainana dia manampy amin'ny fampandrosoana ny fambolena amin'ny alalan'ny fanamafisana ny fahafahan'ny sehatry ny fambolem-bary miatrika ny fiovaovan'ny toetr'andro sy ny fampihenana ny entona ratsy vokatra ny fihenana ala sy fandripahana ny ala. Voatazona ihany koa ny tanjona amin'ny fambolena-kazo 25 000 Ha voafaritra tao amin'ny LFI.

Eo amin'ny sehatry ny harena ankibon'ny tany, ny Governemanta sy ny Banky iraisam-pirenena dia hanamafy ireo traik'efa azo amin'ny lafin'ny fangaraharahan'ny sehatry ny fitrandrahana avy amin'ny tetikasan'ny seha-pitantanana ny fitrandrahana ny harena an-kibon'ny tany. Ny tanjona dia ny fampidirana ireo mpitrandraka madinika ho eo amin'ny sehatry ny ara-dalàna, ary ny fanamorana ny fikarakarana ireo antontan-taratasy fanomezan-dàlana hitrandraka.

C. TROSAM-PANJAKANA

TROSA IVELANY

Nitombo 15,6% ny trosam-panjakana ato amin'ny LFR 2017 raha ampitahaina amin'ny LFI 2017. Izany dia noho ny fandoavana ny trosa tsy voaloha tamin'ny governemanta Lybianina tamin'ny taona 2016 ary noho ny fitombon'ny zanabola aterak'ireo findramam-bola vaovao amin'ity 2017 ity.

Noho ireo antony ireo dia, mitentina 399,4 miliara Ariary ny fitambaran'ny vola ho efaina voarakitra ato amin'ny LFR 2017 ka 292,2 miliara Ariary amin' izany no renivola ary mitotaly 107,2 lavitrisa Ariary kosa ny zanabola.

Ho an'ity taona 2017 ity, ny ampahin'ny « Facilité Elargie de Crédit » avy amin'ny Tahirimbola Iraisam-pirenena (FMI), izay mitentina 175,2 miliara Ariary, dia ho ampindramin'ny Banky Foiben'i Madagasikara (BFM) ho an'ny Fanjakana malagasy.

TROSA ANATINY

Ny fandaniahana amin'ny fandoavana ny zanabola amin'ny trosa anatiny ho an'ny taona 2017 dia mitombo ary tomanana ho 232,0 miliara Ariary, noho ny fiakaran'ny tahan'ny zana-bola amin'ireo taratasim-bola. Ny tahan'ny zanabola fanefana ny taratasimbolam-panjakana amin'ny ankapobeny dia tomanana ho 9,5%.

D. KAONTY MANOKAN'NY TAHIRIM-BOLAMPANJAKANA

Ny vinavinan'ny kaonty manokan'ny tahirimbolampanjakana dia nahitana fiakarana ao anatin'ity lalana fanitsiana mifehy ny fitantanambolampajakana 2017 ity. Izany dia noho ny famadihana ho renivola ireo trosa mahakasika ny hetran'i Air Madagascar izay voafaritra ao anatin'ny drafitra fanarenana ny Air Madagascar.

E. VOLA ATERAKY NY FANOMEZANA SY NY FANAMPIANA AVY ANY IVELANY

Ny vola ateraky ny fanomezana sy ny fanampiana avy any ivelany (FCV) araka ny fifanarahana misy dia voavinavina ho 1,4 miliara Ariary ao anatin'ity LFR ity.

F. FAMADIHANA HO RENIVOLA NY TROSAM-PANJAKANA

Ny fanetsemana ny fatiantoka anatiny ara-tetibolan'ny Fanjakana dia hotanterahina amin'ny fivarotanataratasim-bola eo amin'ny sehatry ny banky sy ny ivelan'ny banky amin'ny ankapobeny. Hahatratra 2 854,0 miliara Ariary ny vola handrandraina hiditra raha toaka 2 417,0 miliara ny hivoaka amin'ireo. Noho izany dia hitombo 437,0 miliara Ariary ny antontan-trosan'ny Fanjakana amin'ny taratasim-bola mandritra ny taona 2017.

Ankoatr'izay ny tahirimbolam-panjakana dia afaka manao ampaham-bola alaina miloha amin'ny Banky Foibe araka ny fetra voalaza aoamin'ny fitsipiky ny Banky Foibe an'i Madagasikara.

Ny famatsiana avy any ivelany entin'ireo mpiara miombonantoka, amin'ny alalan'ny fampindramam-bola sy ny famatsiana ny tetibola izay hita ao anatin'ity LFR ity dia mitentina 1 717,3 miliara Ariary.

Izany sy izany no antonanton'izao Lalàna manaraka izao.

LALANA LAHARANA FAHA 2017-009
TAMIN'NY 04 JOLAY 2017
MOMBA NY LALANA FANITSIANA
NY FITANTANAM-BOLAM-PANJAKANA
HO AMIN'NY TAONA 2017



FIADIDIANA NY REPOBLIKA

LALANA LAHARANA FAHA 2017-009 MOMBA NY LALANA FANITSIANA NY FITANTANAM-BOLAM-PANJAKANA AMIN'NY TAONA 2017



Ny Antenimieram-pirenena sy ny Antenimieran-doholona no nandany tamin'ny fotoam-pivoriany avy, ny 15 jona sy ny 20 jona 2017,

NY FILOHAN'NY REPOBLIKA,

- Araka ny Lalàmpanorenana ;
- Araka ny fanapahana laharana faha 13-HCC/D3 tamin'ny tamin'ny 03 jolay 2017 noraisin'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana,

DIA MAMOAKA HAMPANAN-KERY NY LALANA

IZAY TOY IZAO NY ANDININDININY :

I – FEPETRA MIKASIKA NY HETRA

ANDININY VOALOHANY

Tsy tohinina ny fepetra voalazan'ity lalàna ity fa ny fandrotsahana ho an'ny Tetibolam-panjakana sy ho an'ny Vondrom-bahoakam-paritra, ny hetra, ny sara aman-kaba amin'ny hetra sy faditseranana ary koa ny vokatry ny fidiram-bolam-panjakana amin'ny taona 2017, dia hatao manaraka ny didy aman-dalàna manan-kery.

ANDININY FAHA-2

Fehezan-dalàna ankapobe momba ny hetra

Ampiana sy ovàna toy izao manaraka izao ny fepetry ny Fehezan-dalàna ankapobe momba ny hetra :

BOKY I

HETRAM-PANJAKANA

FIZARANA I

HETRA AMIN'NY VOLA MIDITRA SY NY MITOVY AMINY

LOHATENY I

HETRA ALAINA AMIN'NY VOLA MIDITRA

ZANADOHATENY I

HETRA AMIN'NY VOLA MIDITRA (IR)

TOKO VIII

FANDOAVANA NY HETRA

AMPAHAM-BOLA AROTSAKA MIALOHA

ANDININY 01.01.15.

Ampidirana paragirafy mirija toy izao ao aorian'ny paragirafy faha 3 amin'ity andininy ity:

“ Ho an’ireo mpandoa hetra vao nahazo laharam-pamantarana ka manao raharaha fanafarana entana voahodina dia takiana ny ampaham-bola arotsaka mialoha isam-bolana mitentina 2 isan-jaton’ny entana nafarana mandritra ny iray volana, araka ny sanda nanaovana fanambarana tamin’ny fadin-tseranana, na raha tsy misy izany dia faritana araka ny vidin’ny entana mitovy aminy eny an-tsena, ary izany dia mandritry ny taom-piasana roa voalohany. Tsy iharan’ny fitakiana ny ampaham-bola arotsaka mialoha ireo mpandoa hetra:

- **misitraka ny fomba fameran-ketra manokana na ahazoana tombon-dahiny eto Madagasikara;**
- **izay manafatra entana horaiketina anaty fitanan-kaonty ho fanatsatohana.**

Mandritry ny taom-piasany roa voalohany, ny ampaham-bola arotsaka mialoha mifandraika amin’ny fanafarana entana dia tsy maintsy aloan’ny mpandoa hetra voalaza etsy ambony na manao ahoana na manao ahoana ny totalin’ny hetra amin’ny vola miditra tokony ho aloany rehefa atao ny fikajiana farany.

Ny orinasa voakasik’izany dia tsy maintsy mandoa io ampaham-bola arotsaka mialoha voalaza etsy ambony io ao anatin’ny 15 andro voalohany amin’ny volana manaraka, eny amin’ny Ivon-ketra miandraikitra azy.

Ny ampaham-bola narotsaka mialoha ao anatin’ny taom-piasana iray dia ampi-dirina amin’ny fikajiana ny hetra tokony aloa amin’io taom-piasana io.”

TOKO X ANDRAIKITRY NY MPANDOA HETRA

ANDININY 01.01.21.

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijanten’ny paragirafy faha 7 amin’ity andininy ity:

“ Ho fampiharana ny lalàna mifehy ny hetra, izy ireo dia tsy ilaina mametraka antontan-taratasy ara-pitanan-kaonty voalazan’ny andininy 01.01.19 sy 01.01.20, kanefa tsy maintsy mitazona firaiketana an-tsoratra isan’andro ny vola miditra sy mivoaka.”

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijanten’ny paragirafy faha 9 amin’ity andininy ity:

“Ireo orinasa mpaninjara sy ireo mpanao saikin’asa ampiharana ny fameran-ketra tena izy notsorina ka tsy manana fahafahana hanome fakitiora misy ireo toromarika takiana isaky ny mahalafa entana na manao saikin’asa, dia omena alàlana hanao antontan-taratasy fanamarinana isam-bolana izay ahitana ny fehin’ny varotra sy ny saikin’asa natao nandritra ny vanim-potoana iray.”

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijanten’ny paragirafy faha 11 amin’ity andininy ity:

“Ny fikambanana sy ny olon-tsotra iharan’ny iray amin’ireo fitsipika ara-ketra alaina amin’ny vola miditra ireo izay mividy entana sy mampanao saikin’asa amin’ny olon-tsotra sy ny orinasa voalazan’ny andininy 01.02.02, dia omena alalana hanao antontan-taratasy mahasolo fakitiora amin’ny anaran’ny mpamatsy entana, ahitana ny anarana, ny adiresy mazava sy ny laharam-pamantarana ara-ketran’ny mpamatsy entana, ny sokajin’ny entana sy saikin’asa, ny vidin’ny iray sy ny totalim-bidiny ary ireo zavatra voalaza etsy ambony ireo dia hamarinin’ilay mpamatsy entana eo amin’ilay antontan-taratasy ihany.”

LOHATENY II
HETRA TAMBATRA
TOKO IV
FAMORIAN-KETRA

ANDININY 01.02.06.

Aorian'ny paragirafy faha 4, ampidirana paragirafy mirija toy izao amin'ity andininy ity:

“ Ho an’ireo mpandoa hetra vao nahazo laharam-pamantarana ka manao raharaha fanafarana entana voahodina dia takiana ny ampaham-bola arotsaka mialoha isam-bolana mitentina 2 isan-jaton’ny entana nafarana mandritra ny iray volana, araka ny sanda nanaovana fanambarana tamin’ny fadin-tseranana, na raha tsy misy izany dia faritana araka ny vidin’ny entana mitovy aminy eny an-tsena, ary izany dia mandritry ny taom-piasana roa voalohany. Tsy iharan’ny fitakiana ny ampaham-bola arotsaka mialoha ireo mpandoa hetra:

- ***misitraka ny fomba fameran-ketra manokana na ahazoana tombon-dahiny eto Madagasikara;***
- ***izay manafatra entana horaiketina anaty fitanan-kaonty ho fanatsatohana.***

Mandritry ny taom-piasany roa voalohany, ny ampaham-bola arotsaka mialoha mifandraika amin’ny fanafarana entana dia tsy maintsy aloan’ny mpandoa hetra voalaza etsy ambony na manao ahoana na manao ahoana ny totalin’ny hetra tambatra tokony ho aloany rehefa atao ny fikajiana farany.

Ny orinasa voakasik’izany dia tsy maintsy mandoa io ampaham-bola arotsaka mialoha voalaza etsy ambony io ao anatin’ny 15 andro voalohany amin’ny volana manaraka, eny amin’ny Ivon-ketra miandraikitra azy.”

TOKO V
ANDRAIKITRY NY MPANDOA HETRA

ANDININY 01.02.07.

Ov`ana toy izao manaraka izao ny rijanten’ity andininy ity:

“Ny olona iharan’ny Hetra tambatra manao ireo raharaha ao anatin’ny lisitra voafaritry ny didy amam-pitsipika dia tsy maintsy mitazona firaiketana an-tsoratra isan’andro ny vola miditra sy mivoaka.

Ny fombafomba fampiharana io fepetra io dia faritan’ny didy amam-pitsipika.

Ny mpandoa Hetra tambatra dia tsy maintsy mitahiry mandritra ny telo taona ireo antontan-taratasy fanamarinana ny vola miditra sy ny fandanianana ary mampiseho izany amin’ny sampandraharahan’ny hetra isaky ny fitakian’izy ireo, indrindra fa ireo fakitiora mikasika ny sara rehetra nividianana entana sy ny varotra.”

LOHATENY III
HETRA AMIN’NY KARAMA SY NY TOA AZY (IRSA)

ANDININY 01.03.12.

Ov`ana toy izao manaraka izao ny rijanten’ity andininy ity:

“ Ny totalin’ny hetra azo avy amin’izany dia tazonin’ny mpampiasa na ny antokon-draharaha mpandoa karama, mialohan’ ny andoavana ny karama sy ny toa azy, ary izany dia arotsaka amin’ny mpiandraikitra ny famorian-ketra alohan’ny faha 15 ny volana manaraka ny nanaovana fitazomana.

Na izany aza, ny antokon-draharaha mpandoa karama, iharan’ny Hetra tambatra na ny tena izy notsorina ka tsy nisafidy iharan’ny TVA, dia omena alalana hanambatra ny fandrotsahana isaky ny enim-bolana.

Ho an’ireo fikambanana tsy miankina (ONG), fikambanana sy ny tetikasa, na inona na inona loharanom-bolany, ireo antokon-draharaham-panjakana sy ireo sampan-draharaha miankina na tsy miankina aminy, tsy iharan’ny hetra amin’ny vola miditra na ny hetra tambatra nefa mandoa karama, ny

fandrotsahana ny IRSA amin'ny mpiandraikitra ny famorian-ketra dia tsy maintsy atao alohan'ny faha 15 ny volana manaraka nanaovana fitazomana.

Na izany aza, ny sampan-draharaha sy antokon-draharaha voalaza etsy ambony dia afaka manambatra ny fandoavana izany isaky ny enim-bolana raha toa ka tsy mihoatra ny Ar 50 000 isambolana ny totalin'ny hetra nanaovana fitazomana.

Ny fandrotsahana isaky ny enim-bolana voalazan'ny paragirafy faha 2 sy faha 4 amin'ity andininy ity dia tsy maintsy atao alohan'ny faha 15 ny volana manaraka ny enim-bolana voakasik'izany.

Ny fandoavana ireo hetra voalaza etsy ambony dia atao eny amin'ny sampan-draharahan'ny hetra miandraikitra ny mpampiasa na ny antokon-draharaha mpandoa karama, na raha tsy misy izany, dia eny amin'ny biraon'ny Tahirim-bolam-panjakana misahana ny fandoavana ny karama.

Raha toa ka olona na antokon-draharaha iray ihany no mandoa ny vola iharan'ny hetra amin'ny toerana roa na maromaro, ny hetra mifandraika amin'izany dia arotsaka eny amin'ny sampan-draharahan'ny hetra izay misy ny toeram-piasan'ny mpikarama.

Ny fanovana ny fotoana handrotsahana ny hetra dia tsy maintsy hanaovan'ny mpandoa hetra fangatahana alalana. Ny fanapahan-kevitra momba izany dia raisin'ny sampan-draharahan'ny hetra aorian'ny fandinihana ny fangatahana.”

LOHATENY IV

HETRA ALAINA AMIN'NY TOMBONY AZO AMIN'NY PETRABOLA (IRCM)

TOKO III

FANAFAHANA SY FEPETRA MANOKANA

Ovàna ny Lohatenin'ny Toko III **“FANAFAHANA SY FEPETRA MANOKANA”** ao amin'ny Lohateny IV ho **“FANAFOANANA SY FEPETRA MANOKANA”**.

FIZARANA II

SARA-PANORATANA NY FANEKENA SY FAMINDRAN-TANANA

TOKO III

FAMINDRAN-TANANA TSY MISY SETRINY

SOKAJY III

FEPETRA MANOKANA MIKASIKA NY FANDOVANA

ANDININY 02.03.14.

Ovàna toy izao manaraka izao ny voalazan'ny paragirafy faha 2 ao amin'ny I amin'ity andininy ity:

“Ho an'ireo teraka tany ivelan'i Madagasikara dia tsy maintsy atao ny fanamarinana io daty io alohan'ny fanoratana ny fanambaràna”.

ANDININY 02.03.19.

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ity andininy ity:

“Ho an'ny fanambaràna fandovana, ny tombam-bidin'ny fananana tsy mifaka, raha tsy misy porofo manohitra:

1° - dia faritana avy amin'ny fanombanana voarakitra ao anatin'ny fitanisam-pananana natao ara-pomba ara-dalàna sy ao anatin'ny fe-potoana enim-bolana taorian'ny fahafatesana, ho an'ny fananana tsy mifaka azo tsapain-tanana;

2° - raha tsy misy kosa ny fitanisam-pananana, dia faritana avy amin'ny fanambarana amin'ny antsipiriany sy voatomban'ny mpandova ho an'ny fanaka samihafa sy ny firavaka, vato sarobidy, tahirim-bakoka sy ny tahiry isan-karazany, lamba sy fitoerana akanjo, ka tsy azo atao latsaky ny 8 isan-

jaton' ny tomban-bidin'ny trano izay nipetrahan'ilay maty fony fahavelony na raha tsy misy izany, dia raisina ny tomban-bidin'ny tranony izay ambony indrindra."

ANDININY 02.03.20.

Foànana ny fepetra voalazan'ity andininy ity.

Fiheverana ho toy ny fananana

ANDININY 02.03.22.

Ovànà toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ity andininy ity:

"Heverina ho isan'ny fananana ho lovàna, raha tsy misy porofo manohitra an'izany, ny sora-pizakana sy ny fananana nandraisan'ilay maty vola, ka nampiasainy tao anatin'ny iray taona alohan'ny nahafatesany.

Ny mpiasan'ny hetra, laharan'ny mpisafon'ny hetra na ireo izay manao ny asan'ny mpandray vola dia afaka mangataka, amin'ny mpandova na ireo nanjoanina hafa, fanazavana sy ny fanamarinana rehetra mikasika ny sora-pizakana sy ny fananana tsy mifaka izay tsy voalaza ao anatin'ny fanambarana araka ny voalazan'ny andalana etsy ambony."

SOKAJY IV

TAHAN'NY HABA

ANDININY 02.03.25.

Ovànà toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny paragirafy faha 4 amin'ity andininy ity:

"Ny fandoavana ny haba amin'ny filazàna mikasika ny fandovàna sy ny taratasy fizaram-pananana mifandraika aminy, atao alohan'ny faha 31 desambra 2017 dia mihantona. Na izany aza, ireo fomba arahina amin'ny fandovàna sy fizaram-pananana dia tsy misy fiovana."

ANDININY 02.03.27.

Foànana ny fepetra voalazan'ity andininy ity.

ANDININY 02.03.28.

Soloina ho **"sanda"** ny teny **"taha"** ao amin'ny tsipika faha 2 amin'ity andininy ity.

TOKO V

SARA AMIN'NY HAJIA SY NY MITOVY AMINY

SOKAJY I

FEPETRA ANKAPOBE

ANDININY 02.05.01.

Ao amin'ny paragirafy voalohany amin'ity andininy ity, soloina ho **"tapakila manamarina ny fandoavam-bola izay voasonian'ny mpiandraikitra ny famorian-ketra eo anivon'ny biraon'ny hetra arapritra mahefa."** ny vondron-teny **"rosia nalaina tamin'ny rejisitra misy sosony ao amin'ny Foibem-paritra ara-ketra mahefa"**

SOKAJY III

SARA AMIN'NY FANOMEZANA ANTON-TANTARATASY SY FANDRAISAN- KETRA SAMIHAF

B- Fitondrana sy fitazonana fitaovam-piadiana

Hetra isan-taona amin'ny basy

Foànana ny lohateny **"Hetra isan-taona amin'ny basy"**

Alohan'ny andininy 02.05.08, foronina ny lohateny C izay mirija toy izao:

“C - Hetra isan-taona amin'ny basy”

FIZARANA VI
HABA AMIN'NY TATAOM-BIDY (TVA)
LOHATENY I
HABA AMIN'NY TATAOM-BIDY (TVA)
TOKO II
SEHATRA FAMPIHARANA
SOKAJY III
VOKATRA SY RAHARAHA TSY VOAN'NY HABA

ANDININY 06.01.06.

Foanana ny vondron-teny **“Ny entana voalazan'ny 8°, 9°, 10°, 11°, 12°, 13°, 14°, 17°, 20° sy 21° dia atao lisitra ao amin'ny tovana.”**

Aorian'ny 21° amin'ity andininy ity, foronina ny 22° izay mirija toy izao:

“22° Ny fanafarana sy ny fivarotana seza misy kodiarana sy ny toa azy ho an'ny kilemaina.”

Ampiana paragirafy farany mirija toy izao amin'ny faran'ity andininy ity:

“Ny entana voalazan'ny 8°, 9°, 10°, 11°, 12°, 13°, 14°, 17°, 20°, 21° sy 22° dia atao lisitra ao amin'ny tovana.”

TOKO IV
HANA IFOTORAN'NY FANDOAVANA NY HABA SY FITAKIANA

ANDININY 06.01.10.

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijanten'ny paragirafy faha 2 amin'ny I amin'ity andininy ity:

“Ho an'ireo raharaha voalazan'ny 4° sy 5°, ny mpandoa hetra nisafidy ny hanefa ny haba araka ny fanalana na ny famoahana fakitiora dia tsy maintsy mampahafantatra ny Lehiben'ny ivon-ketra miandraikitra azy amin'ny alalan'ny taratasy vita printy alaina any amin'ny sampandraharahan'ny hetra, alohan' ny faha 15 andro ahataperan'ny taom-piasana itsahina.”

TOVANA
LISITRY NY VOKATRA TSY VOAN'NY TVA

Ampiana ireto an-dalana manaraka ireto amin'ny faran'ity TOVANA ity:

Article 06.01.06 : 22°

TARIF NUMERO DESIGNATION DES PRODUITS

87.13 Fauteuils roulants et autres véhicules pour invalides, même avec moteur ou autre mécanisme de propulsion.

8713.10 00 - Sans mécanisme de propulsion

8713.90 00 - Autres

BOKY II
HETTRAN'NY VONDROM-BAHOAKA
LOHATENY IX
HABA AMIN'NY DOKAMBAROTRA
ZANA-DOHATENY II
DOKAMBAROTRA AMIN'NY HAINO AMAN-JERY
TOKO V
ANDRAIKITRY NY MPANDOA HETRA

ANDININY 10.09.10

Ovàna toy izao ny rijantenin'ity andininy ity:

“NY MPANDOA NY HABA DIA TOKONY HANDROTSAKA ISAM-BOLANA NY HABA REHETRA TAKIANA AMINY ENY AMIN'NY BIRAON'NY TAHIRIM-BOLAM-PANJAKANA ARA-PARITRA MAHEFA, AMIN'NY ALALAN'NY FANAMBARÀNA MAMINTINA NY HABA NANGONINY, NY DOKAMBAROTRA NATAO SY NY DATINY AVY, MANDRITRY NY IRAY VOLANA, MIARAKA AMIN'NY TOVANA MISY NY ANARANA, ADIRESY MAZAVA, NIF NA LAHARAN'NY KARAPANONDROM-PIRENEN'IREO MPANAO FILAZANA ARY NY VOLA REHETRA NALOAN'NY TSIRAIRAY, ALOHAN'NY FAHA 15 NY VOLANA MANARAKA NY VOLANA NANANGONANA NY HABA.

Ny fandrotsaham- bola atao rehetra dia tsy maintsy ahazoana tapakila misy ny sora-bola mifandraika amin'izany, omen'ny mpiasa misahana ny famorian-ketra.

Ny fomba fampiharana ity zana-dohateny ity dia afaka fenoina raha ilaina, amin'ny alalan'ny didy amam-pitsipika.”

LOHATENY XIII
HABA AMIN'NY LALAO ATAO AMIN'NY ONJAM-PEO SY FAHITALAVITRA
TOKO IV
ANDRAIKITRY NY MPANDOA HABA

ANDININY 10.13.04

Foronina amin'ny faran'ity andininy ity ny paragirafy mirija toy izao:

“Ankoatra izany, ao anatin'ny telopolo andro aorian'ny nifaranan'ny lalao, dia tsy maintsy mametraka ny taratasy mamintina ny sms sy ny antso rehetra voaray izy, eo anivon'ny sampan-draharahan'ny hetra miandraikitra azy.”

ANDININY 10.13.05

Ovàna toy izao ny rijantenin'ity andininy ity:

“NY MPANDOA NY HABA DIA TSY MAINTSY MANDROTSAKA ISAM-BOLANA ENY AMIN'NY BIRAON'NY TAHIRIM-BOLAM-PANJAKANA ARA-PARITRA MAHEFA, NY HABA REHETRA NANGONINY, ALOHAN'NY FAHA 15 NY VOLANA MANARAKA NY VOLANA NANANGONANA NY HABA, AMIN'NY ALALAN'NY FANAMBARÀNA MAMINTINA ISAKY NY DATY, NY ISAN'NY ANTISO SY NY SMS REHETRA TAMIN'NY LALAO NATAO AMIN'NY ONJAM-PEO SY NY FAHITALAVITRA NANDRITRY NY VANIM-POTOANA IRAY VOLANA.

Ny fandrotsaham- bola atao rehetra dia tsy maintsy ahazoana tapakila misy ny sora-bola mifandraika amin'izany, omen'ny mpiasa misahana ny famorian-ketra.

Ny fomba fampiharana ity lohateny ity dia afaka fenoina raha ilaina amin'ny alalan'ny didy amam-pitsipika.”

BOKY III
FEPETRA IRAISAN'NY HETRA, SARA SY HABA VOARAKITRA AO AMIN'NY BOKY I SY II
AMIN'ITY FEHEZAN-DALANA ITY
LOHATENY I
FAMORIANA NY HETRA
TOKO I
FAMORIANA ATAON'NY SAMPAN-DRAHARAHAN'NY TAHIRIM-BOLAM-PANJAKANA
SOKAJY I
FITAKIANA NY HETRA

Andininy 20.01.01.

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijantenin'ny paragirafy voalohany amin'ity andininy ity:

“ Ny hetra mivantana sy haba toa azy ao amin'ny lohateny I sy II amin'ny Boky II amin'ity fehezan-dalana ity dia takiana manomboka ny 01 Martsa amin'ny taona amerana ny hetra. Ny vola aloa dia ampahafantarin'ny sampam-draharahan'ny fameran-ketra ao amin'ny Kaominin'ny toerana misy ny trano, ny mpandoa hetra, amin'ny alalan'ny filazana fameran-ketra nohamarinin'ny Lehiben'ny Ivon-ketra ara-paritra mahefa miaraka amin'ny taratasy fitakiam-bola ataon'ny mpanome baikom-pamoriam-bola mpanampy amin'ny Kaominina mpisitraka.”

SOKAJY II
FANDOAVANA NY HETRA

Andininy 20.01.06.

Ovàna ho “ *hetran'ny vondrom-bahoaka* ” ny andian-teny “ *hetran-tany*”.

TOKO II
FAMORIAN-KETRA ATAON'NY SAMPANDRAHARAHAN'NY HETRA

SOKAJY III
SORA-PAMERANA

Andininy 20.01.43.

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijantenin'ny paragirafy voalohany amin'ity andininy ity:

“ Ny trosa voalazan'ny andininy 20.01.40 amin'ity fehezan-dalàna ity dia hanaovana sora-pamerana isam-batan'olona na iombonana ary azo takiana avy hatrany. Ny sora-pamerana dia tsy maintsy ampiarahina amin'ny fampahafantarana raikitra na ny fampahafantarana fameran-ketra tsy misy fierana ao anatin'ny fepotoana voafarit'ity fehazan-dalàna ity. Izany dia avoaka aorian'ny taratasy fameran-ketra ho an'ny tranga hafa, fa tsy manova ny fe-potoana halanian'ny paik'andro voalazan'ity fehazan-dalàna ity . Ny sora-pamerana dia ataon'ny mpandray vola momba ny hetra ary manan-kery avy hatrany amin'ny alalan'ny sonian'ny Tale misahana ny Fifanolanana ara-ketra izay afaka mamindra izany fahefana izany. Ny sora-pamerana dia atao araka ny sokajin-ketra ary ahitana ireto manaraka ireto:

- *Anarana na anaram-pikambanan'ny mpandoa hetra;*
- *Laharam-pamantarana ara-ketra na Kara-panondrom-pirenena;*
- *Taratasy fameran-ketra niandohan'ny trosa;*
- *Sokajy, taom-piasana sy ny sora-bola tokony aloa.”*

TOKO III
SAZY SY LAMANDY
SOKAJY IV
LAMANDY AMIN'NY FANAMBARANA TSY AMPY, TSY FAHAMARINANA,
FANADINOANA NA FAMPIHENANA

Andininy 20.01.54.

Ampidirana paragirafy faha 2 izay mirija toy izao aorian'ny paragirafy voalohany amin'ity andininy ity:

“Ny olon-tsotra na fikambanana rehetra miankina na tsy miankina amin'ny fanjakana izay tsy iharan'ny Hetra amin'ny vola miditra (IR) ka nanadino nitazona sy nandrotsaka ny Hetra tambatra mitsitapitapy araka ny andininy 01.02. 02 – Il amin'ity fehazan-dalàna ity dia iharan'ny lamandy 10 isan-jaton'ny sara tokony naloany izay tsy tokony ho latsaky ny Ar 20 000, ankoatra ny fandrotsahana io hetra io.”

Andininy 20.01.54.2.

Ao amin'ny B amin'ity andininy ity, ampidirana tsipika faharoa mirija toy izao aorian'ny tsipika voalohany:

“ – ny hetra amin'ny taha 20 isan-jato kajiana ara-keviny amin'ny fototry ny fanitsiana izay nataon'ny sampan-draharaha, ny fanaovana fanambarana tsy marina tamin'ny raharaha voan'ny hetra amin'ny taha aotra sy ireo raharaha tsy voan'ny haba; ”

SOKAJY VI
FANDIKAN-DALANA HAFA

Andininy 20.01.56.1.

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijantenin'ny paragirafy voalohany amin'ity andininy ity:

“ Raha nanao filazana fatiantoka tamin'ny hetra alaina amin'ny vola miditra, ny lamandy ampiharina dia 40 isan-jaton'ny hetra nokajiana ara-keviny amin'ny fototry ny fanitsiana nataon'ny sampan-draharaha. Aorian'ny fanitsiana araka ny fanaraha-maso ny vokatry ara-ketra nambara, ny vokatry ara-ketra vaovao izay mety ho miabo no atao fototry ny famenon'ny hetra ho arotsaka.”

LOHATENY II
FIFANOLANANA ARA-KETRA
FEPETRA ANKAPOBE
TOKO I
SEHATRY NY FITARAINANA MIKASIKA NY FIFANOLANANA SY NY
FITARAINANA MIKASIKA NY FAMINDRAM-PO

Andininy 20.02.01.

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijantenin' ity andininy ity:

“ Ireo hetra, haba sy sara na ireo karazam-bola tokony aloa eto an-toerana dia azo anaovan'ny mpandoa hetra fitarainana na famotsorana ankitsirano ataon'ny mpiasan'ny Sampan-draharahan'ny hetra miandraikitra ny famerana ho an'ny hetran'ny vondrom-bahoaka sy ny Sampan-draharahan'ny hetra ho an'ny hetram-panjakana.”

TOKO II

FITARAINANA MIKASIKA NY FAMINDRAM-PO

Andininy 20.02.05.

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijantenin' ity andininy ity:

“ Ny fangatahana fanafoanana na fanalefahana ny hetra ataon'ny mpandoa hetra, ny nanjoanina, na ireo olona voatonina manokana hanefa mivantana ireo hetra voalaza ao amin'ny fangatahana dia alefa any amin'ny Sampan-draharaha namoaka ny filazana fameran-ketra sy/na ny Sampan-draharaha miandraikitra ny taratasy fitakiam-bola ho an'ireo hetra, haba sy sara samihafa voarakitra ao anatin'ny Boky II amin'ity Fehezan-dalàna ity, na amin'ny Sampan-draharaha miandraikitra ny antontan-taratasy ho an'ireo hetra hafa voalazan'ity Fehezan-dalàna ity. Ireo olona mampiditra na miaro ny fangatahana ho an'olona iray hafa dia tsy maintsy, mba tsy hisian'ny fanafoanana, mitondra fanomezam-pahefana ara-dalàna izay noraiketina ao amin'ny biraon'ny hetra mitantana ny antontantaratasin'ny mpandoa hetra alohan'ny hametrahana ny fangatahana. Ny mpisolo vava izay voasoratra ao amin'ny lisitra ara-dalàna dia tsy voatery hitondra fanomezam-pahefana.”

Andininy 20.02.06.

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijantenin' ity andininy ity:

“Mba ho azo raisina ny fangatahana dia tsy maintsy:

- *milaza ny sokajin-ketra, ny taom-piasana sy ny hetra tokony aloa;*
- *misy ny famelabelarana fohy ny antonantony;*
- *miaraka amin'ny sora-pamerana mifandraika amin'izany sy ny porofo milaza ny fahasahiranana ara-bola mahazo ilay mpandoa hetra;*
- *voasonian'ny mpangataka.*

Ny fangatahana dia dinihan'ny Sampan-draharaha miandraikitra ny antontantaratasin'ilay mpandoa hetra na ny Lehiben'ny Sampan-draharaha miandraikitra ny fameran-ketra sy/na ny taratasy fitakiam-bola ho an'ireo hetra, haba sy sara samihafa izay voarakitra ao amin'ny Boky II amin'ity Fehezan-dalàna ity.”

Andininy 20.02.11.

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijantenin' ity andininy ity:

“ Ny fangatahana fandiovan-kaonty ara-ketra dia alefa amin'ny Tale miandraikitra ny Fifanolanana ara-ketra ampandalovina amin'ny Lehiben'ny Sampan-draharaha misahana ny fifanolanana miaraka amin'ny famelabelarana fohy ny antonantony. Izany fangatahana izany dia dinihan'ny mpiasa miandraikitra ny famorian-ketra.”

TOKO III

NY SAMPAM-PITSARANA MIKASIKA NY FIFANOLANANA

FITARAINANA

Andininy 20.02.14.

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijantenin' ity andininy ity:

“ Ny fe-potoana fanaovana fitarainana, na mikasika ny fototra amerana ny hetra na ny sora-pamerana, dia iray volana aorian'ny fampahafantarana ny sora-pamerana.

Mikasika ny hetran'ny vondrom-bahoaka, ny fe-potoana fanaovana fitarainana dia telo volana aorian'ny nandraisana ny taratasy fitakiam-bola ho an'ny fitarainana mikasika ny fototra amerana ny hetra. Io fe-potoana io dia iray volana aorian'ny nandraisana ny fampahafantarana ny sora-pamerana ho an'ny fandavana izany sora-pamerana izany.

Raha eken'ny mpandoa hetra ao anatin'ny taratasy fitarainany ny tsy fanarahan-dalàna voasoratra ao anatin'ny fampahafantarana raikitra dia tsy maintsy mandoa ny ampahany nekeny izy alohan'ny itondrany ny fitarainany momba ny fototra amerana ny hetra na ny fampiatoana ny fandoavam-bola.”

TOKO IV

NY FOMBA ARAHINA EO ANATREHAN'NY FITSARANA

SOKAJY I

SAMPAM-PITSARANA MAHEFA

Andininy 20.02.20.

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijantenin' ny paragirafy faha 4 amin' ity andininy ity:

“ Ny fandraharahana ara-ketra dia afaka mitondra avy hatrany eo amin'ny fitsarana ny fitarainana mikasika ny fototra amerana ny hetra nataon'ny mpandoa hetra.”

Andininy 20.02.21.

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijantenin' ny paragirafy voalohany amin' ity andininy ity:

“ Ny raharaha dia tsy maintsy ampidirina ao anatin'ny iray volana manomboka ny andro nandraisana ny fampahafantarana ny fanapahana na ny fahataperan'ny fepotoana iray volana voalazan'ny andininy 20.02.20.”

SOKAJY II

III- FAMPIATONANA NY FANDOAVAM-BOLA

Andininy 20.02.44.

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijantenin' ny paragirafy farany amin' ity andininy ity:

“ Ny fepetr'ity andininy ity dia ampiharina amin'ny fanaovana antoka ho an'ny fitarainana mikasika ny fototra amerana ny hetra, na eo anivon'ny fandraharahana ara-ketra na eo amin'ny fitsarana.”

LOHATENY IV

IREO FETRA FAHALANIAN'NY PAIK'ANDRO

I- FEPETRA ANKAPOBE

Andininy 20.04.01.

Ampiana paragirafy mirija toy izao amin'ny faran'ity andininy ity

“ Ny fe-potoana hiverenana ananan'ny sampandraharahan'ny hetra kosa dia folo (10) taona raha toa ka nisy fanaraha-maso niainga avy amin'ny vondrona mpanangom-baovao misahana ny vola na vondrona hafa afaka manao fikarohana mikasika ny fikoriam-bola tsy ara-dalàna.”

V- SARA-PANORATANA, HABA AMIN'NY HAJIA SY NY HABA MITOVY AMINY

Andininy 20.04.07.

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijantenin' ny paragirafy voalohany amin' ity andininy ity:

“ Ny fe-potoana hiverenana ananan'ny sampandraharahan'ny hetra dia maty paik'andro amin'ny fiafaran'ny taona faha 3 manaraka ny taona nanaovana fanoratana ny sora-panekena na ny fanambarana.”

Andininy 20.04.09.

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijantenin' ity andininy ity:

“ Raha tsy misy fanambarana na sora-panekena nanaovana fombafombam-panoratana, ny fahalanian'ny paik'andro ara-ketra dia folo (10) taona manomboka ny fotoana ahafahana mitaky ny hetra.”

LOHATENY VI

**FAHEFANA MITAKY – FAHEFANA MANOME DIKA MITOVY –
FAHEFANA MISAVA SY MANAMARINA – TSIAMBARATELON'NY ASA**

(DC-DDC-DV-SP)

SOKAJY VII

FANAMARINANA

Andininy 20.06.21-ter.

Foronina ny VII izay mirija toy izao amin'ny faran'ity andininy ity:

“ VII- Raha eken'ny mpandoa hetra an-tsitrapo amin'ny alalan'ny taratasy voasoniany na ny mpisolo-tena azy ara-dalàna na ny nomem-pahefana amin'izany ny totalin'ny fanitsiana naroso tamin'ny fampahafantarana voalohany, ary noraiketina an-tsoratra eo anivon'ny sampan-draharaha miandraikitra azy izany faneken'ny izany, ao anatin'ny telopolo (30) andro voalazan'ny II- n'ity andininy ity, dia aroso avy hatrany ny fampahafantarana raikitra.

Amin'izany, ny mpanao fitsirihana dia manao fitanana an-tsoratra sy fifanarahana mialoha ny fitsarana izay milaza fa ny mpandoa hetra dia tsy hanao fitarainana hafa.”

Andininy 20.06.25.

Foronina ny IV izay mirija toy izao amin'ny faran'ity andininy ity:

“ IV- Raha eken'ny mpandoa hetra an-tsitrapo amin'ny alalan'ny taratasy voasoniany na ny mpisolo-tena azy ara-dalàna na ny nomem-pahefana amin'izany ny totalin'ny fanitsiana naroso tamin'ny fampahafantarana voalohany, ary noraiketina an-tsoratra eo anivon'ny sampan-draharaha miandraikitra azy izany faneken'ny izany, ao anatin'ny telopolo (30) andro voalazan'ny II- n'ity andininy ity, dia aroso avy hatrany ny fampahafantarana raikitra.

Amin'izany, ny mpanao fitsirihana dia manao fitanana an-tsoratra sy fifanarahana mialoha ny fitsarana izay milaza fa ny mpandoa hetra dia tsy hanao fitarainana hafa.”

Foronina ny andininy 20.06.27 bis izay mirija toy izao manaraka izao:

“20.06.27 bis.- Ny fampahafantarana raikitra dia tsy maintsy milaza ireo fombafomba fanaovana fitarainana , fangatahana famindram-po sy fanoherana ny sora-pamerana miaraka amin'ny fe-potoany avy.”

Andininy 20.06.28.

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijantenin' ny paragirafy faha 2 amin' ity andininy ity:

“ Na izany aza, tsy misy fampiakarana hetra azo atao mifototra amin' ny fiovam-poto-kevitra raha toa ka ny fehi-kevitra niandohana dia miorina amin'ny hevitra ny lalàna mifehy ny hetra izay nekena ara-dalàna ataon'ny sampandraharahan'ny hetra ka tsy mifanohitra amin'ny fehezan-dalàna ankapobe momba ny hetra tamin'izany vanim-potoana izany.”

Andininy 20.06.29 bis.-

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijantenin' ny I sy II amin' ity andininy ity:

“ I- Ny mpandoa hetra izay nanaovana fanaraha-maso any amin'ny toeram-piasany voalazan'ny andininy 20.06.21 amin'ity Fehezan-dalàna ity na fanaraha-maso ny antontan-taratasiny voalazan'ny andininy 20.06.21 bis amin'ity Fehezan-dalàna ity dia afaka mametraka fitarainana eo anivon'ny

Vaomiera ara-ketra ao anatin'ny 15 andro manaraka ny daty nandraisana ny fampahafantarana ny fanitsiana. Tsy mahasakana ny fampiharana ny andininy 20.09.08 amin'ity fehezan-dalàna ity, raha toa ka ny mpanamarina na ny sampandraharaha miandraikitra ny mpandoa hetra dia tsy nahazo filazana mikasika ny fanatonana ny Vaomiera ara-ketra ao anatin'ny fepotoana takiana amin'izany. Ny fampahafantarana raikitra ampiarahana amin'ny sora-pamerana sy ny taratasy fampahafantarana ny sora-pamerana dia alefa any amin'ny mpandoa hetra ao anatin'ny 15 andro manaraka ny fahataperan'izany fe-potoana izany.

II. Ny mpandoa hetra izay tsy namaly ny fampahafantarana voalohany sy tsy nametraka fitarainana eo anivon'ny Vaomiera ara-ketra ao anatin'ny fe-potoana voafaritra no mitondra ny porofo raha manao fitarainana izy.

Mifanohitra amin'izany, raha toa ka nametraka fanamarihana ao anatin'ny telopolo (30) andro ilay mpandoa hetra nefa mitohy ihany ny tsy fitovian-kevitra, ary tsy nametraka fitarainana tamin'ny Vaomiera ara-ketra izy, dia ny sampandraharahan'ny hetra indray no mitondra ny porofo.”

LOHATENY IX

VAOMIERA ARA-KETRA

III - FAMPAHAFANTARANA ATAO AMIN'NY VAOMIERA ARA-KETRA

Andininy 20.09.09.

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijantenin' ny paragirafy voalohany amin' ity andininy ity:

“ Ny fampahafantarana ny Vaomiera ara-ketra dia tsy mampiato ny fahalanian'ny paik'andro.”

IV- FANDINIHANA NY ANTONTAN-TARATASY

Andininy 20.09.13.

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijantenin' ity andininy ity:

1. Ny mpandoa hetra na ny solotenany dia manolotra ny tsangakeviny eny am-piandohan'ny fivoriana fa tsy afaka manatrika ny adi-hevitra. Ny mpisafo ara-ketra izay misolo-tena ny sampan-draharaha miandraikitra ny mpandoa hetra no mametraka any amin'ny Vaomiera ara-ketra ny fanamarihana an-tsoratra nataon'ny mpanao fitsirihana ka hamafisin'ny taratahin'ny paik'ady sy ny porofo ara- taratasy; azo anontaniana izy amin'ny fotoana rehetra hanaovana ny raharaha fa tsy manatrika ny adi-hevitra.

2. Ny vaomiera ara-ketra dia tsy afaka manadihady mihoatra ny fangatahana natao tao anatin'ny taratasim-pitarainana nentina teo aminy.

3. Ho fampiharana ireo fepetry ny Fehezan-dalàna ankapobe momba ny hetra, ny andaniny sy ny ankilany dia tsy afaka mitondra porofo ankoatra ireo efa voapetraka na naseho nandritra ny nanaovana ny fanamarinana ara-ketra.

Andininy 20.09.14.

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijantenin'ny 1- amin'ity andininy ity:

“1. Aorian'ny fandalinana ny antontan-taratahin'ny andaniny sy ny ankilany izay tsy mifanaraka, ny vaomiera dia mahazo manapa-kevitra rehefa feno efa (4) ireo mpikambana manana zo hanapaka ka ny roa (2) amin'ireo dia tsy maintsy avy amin'ny Foibem-pitantanan'ny hetra. Ny fanapaha-kevitra dia tsy azo atrehin'olon-kafa.”

V - FANAPAHA-KEVITRY NY VAOMIERA ARA-KETRA

Andininy 20.09.16.

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijantenin' ity andininy ity:

“1. Ny fanapahan-kevitra ny vaomiera dia milaza ny antonantony iorenan’ny fanapahan-kevitra ary mampahafantatra ny andaniny sy ny ankilany ny antony naharesy lahatra ny mpikambana ao amin’ny vaomiera.

2. Ny fanapahan-kevitra ny vaomiera dia tsy manana hery handidy ny roa tonta.

3. Rehefa mandrafitra ny fampahafantarana raikitra ny sampandraharahan’ny hetra, dia azony atao ny mandray fototra amerana ny hetra hafa noho izay voalaza tao amin’ny fanapahan-kevitra ny vaomiera, ary ny mpandoa hetra dia manana fahefana hanohitra ny hetra ifanolanana aorian’ny nandraisany ny fampahafantarana ny sora-pamerana amin’ny lafiny fifanolanana indray. Ny andaniny izay tsy manaiky ny fanapahan-kevitra ny vaomiera no mitondra ny porofo.

4. Ny fampahafantarana raikitra, ny sora-pamerana ary ny taratasy fampahafantarana izany dia alefa any amin’ ny mpandoa hetra ao anatin’ny 15 andro naharaisany ny fanapaha-kevitra ny vaomiera.”

Andininy 20.09.17.

Ov`ana toy izao manaraka izao ny rijantenin’ny 2- amin’ity andininy ity:

2. Raha toa ka tsy misy ny fanapaha-kevitra ny vaomiera ao anatin’ny fe-potoana, azon’ny sampandraharahan’ny hetra atao ny manohy avy hatrany ny fombafomba amin’ny alalan’ny fandrafetana ny fampahafantarana raikitra, izay tsy manakana ny fitarainana any aoriana amin’ny sehatry ny fifanolanana. Ny sora-pamerana, ny taratasy fampahafantarana ny sora-pamerana ary ny fampahafantarana raikitra dia alefa any amin’ny mpandoa hetra ao anatin’ny 15 andro manaraka ny fahataperan’ny fetrandro ilaina mba hanehoan’ny Vaomiera ny heviny.”

Ny ambiny tsy misy fanovana

ANDININY FAHA-3

Faditseranana

A. IREO FEPETRA NORAISINA TAO AMIN’NY FEHEZAN-DALANA MOMBA NY FADITSERANANA DIA MIOVA SY NOFENOINA TOY IZAO MANARAKA IZAO :

A-MIKASIKA NY FEHEZAN-DALANA MOMBA NY FADINTSERANANA :

1) Ov`ana toy izao manaraka izao ny fepetra voalazan’ny andininy faha-35 :

Antony: Ho fiarovana ireo mpiasan’ny Fadintseranana manoloana ny fifandraisany amin’ireo lehibe isan’ambaratonga amin’ny alalan’ily foto-pahalal`ana hoe: "Th`orie des ba`ionnettes intelligentes".

Tsy hoe:

Andininy 35.-1° Ny mpiasan’ny Fadintseranana dia eo ambany fiarovana manokan’ny Lal`ana.

Rar`ana ny olona tsy :

- a) Haniratsira, hamingavinga na hanakorontana azy ireo amin’ny fanatontosana ny asany;
- b) Hanohitra izany fanatontosana asa izany.

2° Ny manampahefana sivily sy miaramila dia tsy maintsy, amin’ny fitakiana voalohany, manampy ny mpiasan’ny Fadintseranana amin’ny fanatontosana ny asany.

3° Ny mpiasan’ny Fadintseranana, raha toa izany ka ao anaty fanatontosana ny asany dia tsy afaka anaovana fanadihadiana na famotorana raha tsy nahazo fahazoan-dalana avy amin’ny Minisitry miandraikitra ny Fadintseranana raha tsy hoe angaha misy fahatratrarana ambodiomby izay mampiditra andraikitra azy ireo manokana.

Fa vakio hoe:

Andininy 35.-1° Ny mpiasan'ny Fadintseranana dia eo ambany fiarovana manokan'ny Lalàna.

Raràna ny olona tsy :

- a) Haniratsira, hamingavinga na hanakorontana azy ireo amin'ny fanatontosana ny asany;
- b) Hanohitra izany fanatontosana asa izany.

2° Ny mpiasan'ny Fadintseranana dia voaro amin'ireo famoretana isankarazany na ny fandrahonana izay mety hanohintohina azy amin'ny fanatontosana ny asany.

3° Ny manampahefana sivily sy miaramila dia tsy maintsy, amin'ny fitakiana voalohany, manampy ny mpiasan'ny Fadintseranana amin'ny fanatontosana ny asany.

4° Ny mpiasan'ny Fadintseranana, raha toa izany ka ao anaty fanatontosana ny asany dia tsy afaka anaovana fanadihadiana na famotorana raha tsy nahazo fahazoan-dàlana avy amin'ny Minisitry miandraikitra ny Fadintseranana, raha tsy hoe angaha misy fahatratrarana ambodiomby izay mampiditra andraikitra azy ireo manokana.

2) Ovàna toy izao manaraka izao ny fepetra voalazan'ny andininy faha-37 :

Antony: Hamerana ny fanararaotana isan-karazany (am-bava na tsia) ataon'ireo mpiasan'ny Fadintseranana eo amin'ny fanatontosana ny asany.

Tsy hoe:

Andininy 37.- Amin'ny fanatontosana ny asany, ny mpiasan'ny Fadintseranana dia tsy maintsy mitondra ny fahazoan-dàlany hiasa misy fanamarihana ny nanaovany fianianana ; tsy maintsy mampiseho izany izy ireo amin'ny fitakiana voalohany.

Fa vakio hoe:

Andininy 37.- Amin'ny fanatontosana ny asany, ny mpiasan'ny Fadintseranana dia tsy maintsy mitondra ny fahazoan-dàlany hiasa misy fanamarihana ny nanaovany fianianana ; tsy maintsy mampiseho izany izy ireo amin'ny fitakiana voalohany.

2° Amin'ny fanatontosana ny asany, ny mpiasan'ny Fadintseranana dia tsy maintsy manaja ireo fepetra voalaza ao amin'ny fehezan-dalàna momba ny fitondrantenan'ny mpiasam-panjakana.

3) Ovana toy izao manaraka izao ny fepetra voalazan'ny andininy faha-55 :

Antony: Hanamafisana ny fanaraha-maso ataon'ny Fadintseranana amin'ireo entana mandeha paositra sy amin'ireo orinasa miandraikitra entana malaky mba hamerana ny fanondranana na fandefasana entana an-tsokosoko isan-karazany.

Tsy hoe:

Andininy 55.-1° Ny mpiasam-panjakana amin'ny Fadintseranana dia afaka miditra ao amin'ny biraon'ny paositra, ka anisan'izany ny efitra anaovana ny fanasivanana, mifandray mivantana amin'ny any ivelany, mba hikaroka, eo imason'ny mpandraharahan'ny paositra, ny entana mihidy na tsia, avy eto an-toerana na avy any ivelany, ankoatr'ireo entana mandalo, misy na tahaka ny misy zavatra toy ireo voalazan'ity andininy ity.

2° Ny biraon'ny paositra dia omen-dàlana hampanaiky ho amin'ny fanaraha-mason'ny Fadintseranana, araka ny fepetra voalazan'ny fifanekena sy fifanarahan'ny Vondron'ny paositra maneran-tany, ny entana voarara tsy hafarana avy any ivelany, ampiarana ny sara na haba raisin'ny Sampandraharahan'ny Fadintseranana na nasiana fameperana na fombafomba eo am-pidirana.

3° Ny biraon'ny paositra dia omen-dàlana ihany koa hampanaiky ho amin'ny fanaraha-mason'ny Fadintseranana ny entana voarara tsy haondrana any ivelany, ampiarana ny sara sy haba raisin'ny Sampandraharahan'ny Fadintseranana na nasiana fameperana na fombafomba eo am-pivoahana.

Fa vakio hoe:

Andininy 55.-1° Ho fitadiavana sy fizahana fototra ny fandikan-dalàna izay voarakitra ato amin'ity fehezan-dalàna ity, ny mpiasan'ny Fadintseranana dia afaka miditra ao amin'ny biraon'ny paositra, ao amin'ny toeram-piasan'ireo mpanatontosa asan'ny paositra sy ireo orinasa miandraikitra entana malaky, mifandray mivantana amin'ny any ivelany, ny entana mihidy na tsia, avy eto an-toerana na avy any ivelany, ankoatr'ireo entana ampandalovina, misy na tahaka ny misy entana na vola, taratasy milaza fananana na manana sanda izay mifandray amin'ireo fandikan-dalàna ireo.

Io fahazoan-dalana hiditra io dia atao mandritra ireo ora fiasana ara-dalàna na, ankoatra ireo ora ireo, rehefa mahazo miditra ny be sy ny maro, na mandritra ny asa fanasivanana, fitaterana, fikirakirana na fampirimana.

2° Ny fidirana an-tsehatra dia mizotra eo imason'ny mpandraharaha izay iharan'ny fanaraha-maso na ny mpisolo tena azy ary anaovana tatitra mitantara ny fizotry ny asa fanaovana fanaraha-maso.

3° Ny biraon'ny paositra dia tsy maintsy mampanaiky ny fanaraha-mason'ny Fadintseranana, araka ny fepetra voalazan'ny fifanekena sy fifanarahan'ny Vondron'ny paositra maneran-tany, ny entana voarara tsy hafarana avy any ivelany na aondrana any ivelany, ampiarana ny sara na haba raisin'ny Sampandraharahan'ny Fadintseranana na nasiana fameperana na fombafomba eo am-pidirana na eo am-pivoahana.

4° Na manao ahoana na manao ahoana dia tsy azo tohintonina ny tsiambaratelon'ny zavatra ifandefasana.

4) Ovàna toy izao manaraka izao ny fepetra voalazan'ny andalana 1 sy 2 anaty andininy faha-111 :

Antony : Mba ho fisorohana ny fampiasana tsy mitombina ny “Vaomiera momba ny Fampihavanana sy ny Fandinihana lalina mikasika ny Fadintseranana ».

Tsy hoe:

Art. 111. – 1° Raha toa ny Sampandraharahan'ny Fadintseranana ka mandà amin'ny fotoana fanamarinana ny entana ny fitanisana ao min'ny fanambarana mikasika ny karazana, ny fiaviana na ny vidiny sy na ny mpanao fanambarana ka tsy manaiky fandanjalanjana ny asa, ny fanoherana dia entina eo anatrehan'ny vaomiera momba ny « Fampihavanana sy ny Fandinihana lalina mikasika ny Fadintseranana » manana ny foiben'ny ao Antananarivo.

2° Amin'ny fisehoan-javatra voalazan'ny paragrafy 1° etsy ambony, dia atao ny ny sora-panekena hanaovana ny fanadihadiana ary atao ny fakana santionan'ny entana ilaina hanaovana ny fanadihadiana.

Fa vakio hoe:

Art. 111. – 1° a) Raha toa ny Sampandraharahan'ny Fadintseranana ka mandà amin'ny fotoana fanamarinana ny entana ny fitanisana ao amin'ny fanambarana mikasika ny karazana, ny fiaviana na ny vidiny sy/na ny mpanao fanambarana ka tsy manaiky fandanjalanjana ny asa, ny fanoherana dia

entina eo anatrehan'ny vaomiera momba ny « Fampihavanana sy ny Fandinihana lalina mikasika ny Fadintseranana » manana ny foibeny ao Antananarivo.

b) Raha toa ny fanoherana ka mikasika singa mivaingana mora porofoina, na mikasika resaka zo ; ny raharaha dia mitarika fanaovana fitànana an-tsoratra ny fanagiazana izay manaraka ny fitsipika ankapobeny mifehy ny fifanolanana famaizana momba ny Fadintseranana voalaza ao amin'ny Lohateny faha-X amin'izao fehezan-dalàna izao.

2° Amin'ny fisehoan-javatra voalazan'ny **paragrafy 1°a)** etsy ambony, dia atao sora-panekena hanaovana ny fanadihadiana ary atao ny fakana santionan'ny entana ilaina hanaovana ny fanadihadiana.

5) Fanafoanana ny andininy faha- 238-3°:

Antony: Fanitsiana mba hanesorana ny fifanoherana eo amin'ny fepetra voalazan'ny andininy 236-1° sy ny andininy 238-3°

Tsy hoe:

Andininy 236.-1° Ny mpiasan'ny Fadintseranana dia tsy afaka manao ny fanokafana ny fonosana natao ao amin'ny fametrahana entan'ny Fadintseranana sy ny fanamarinana ny ao anatin'ny raha tsy eo anatrehan'ny tompony na ny olona andefasana azy, na raha tsy misy izany, dia olona tendren'ny mpitsara eo amin'ny toerana araky ny fepetra voalazan'ny andininy faha-109 etsy ambony.

Andininy 238.-3° Ao anatin'ny fandaminana ny fivarotana ny entana, ny mpiasan'ny Fadintseranana dia afaka manokatra ny fonosana natao ao amin'ny fametrahana entan'ny Fadintseranana ary manamarina ny ao anatin'ny eo anatrehan'ny tompon'andraikity ny toerana fametrahana ny entana miaraka amin'ny baiko manefa iraka ara-dalàna voasonian'ny Lehibe an'ny mpandray Fadintseranana.

Fa vakio hoe:

Andininy 236.-1° Ny mpiasan'ny Fadintseranana dia tsy afaka manao ny fanokafana ny fonosana natao ao amin'ny fametrahana entan'ny Fadintseranana sy ny fanamarinana ny ao anatin'ny raha tsy eo anatrehan'ny tompony na ny olona andefasana azy, na raha tsy misy izany, dia olona tendren'ny mpitsara eo amin'ny toerana araka ny fepetra voalazan'ny andininy faha-109 etsy ambony.

Andininy 238.-3° Foana.

6) Fanampiana andalana fahafito ao amin'ny andininy faha-295 :

Antony: Mba hampidirana ny famaritana ny atao hoe fifanarahana nahafeno fepetra sy ny fiantraikan'izany eo amin'ny fampakarandraharaha ataon'ny fanjakana.

Tsy hoe: Foana

Fa vakio hoe:

Andininy 295.

7° Ambara fa mahafeno fepetra ny fifampiraharaha raha toa ka voalao daholo ny onitra sy ny famaboana rehetra. Izany dia mampiato ny fampakarandraharaha ataon'ny fanjakana.

7) Miova toy izao ny fepetra ao amin'ny andininy faha-298 :

Antony: Mba hirindran'ny fehezan-dalàna momba ny Fadintseranana Malagasy amin'ny fehezan-dalàna momba ny Fadintseranana iraisana COMESA izay nekena sy nolanian'i Madagasikara.

Tsy hoe:

Andininy 298.-Tsy misy olona azo raisina hanao fangatahana mba hamerenana ny sara sy ny entana, sy ny fandoavana ny hofany, hanohitra ny Sampandraharahan'ny Fadintseranana, roa taona aorian'ny fotoana nanomezan'ny mpitaky ny fandoavana ny sara, fanobian'entana, ary ny fe-potoana anefana ny hofany.

Fa vakio hoe:

Andininy 298.- 1° Tsy misy olona azo raisina hanao fangatahana mba hamerenana ny sara sy ny entana, sy ny fandoavana ny hofany, hanohitra ny Sampandraharahan'ny Fadintseranana, rehefa dila ny roa taona aorian'ny fotoana nanomezan'ny mpitaky ny fandoavana ny sara, fanobian'entana, ary ny fe-potoana anefana ny hofany.

2° Tsy misy olona azo raisina hanao fangatahana mba hamerenana ny sara, mba hanohitra ny Sampandraharahan'ny Fadintseranana, rehefa dila ny telo taona aorian'ny fotoana nandoavana ny sara.

8) Miova toy izao ny fepetra ao amin'ny andininy faha- 345.-2° :

Antony: Mba hampiasana famaritana mahafehy ny natioran'ny fihetsika natao.

Tsy hoe:

345.-2° Ireo heverina fa voakasika:

a. ny mpianto-draharaha, mpikambana ao amin'ny orinasa, mpiantoka, iantohana, mpianto-bola, tompon'ny entana ary, amin'ny ankapobeny, ireo izay manana tombontsoa mivantana amin'ny hosoka.

Fa vakio hoe:

345.-2° Ireo heverina fa voakasika:

a. ny mpianto-draharaha, **solontena ara-dalàna**, mpiantoka, iantohana, mpianto-bola sy **mpamatsy renivola** , tompon'ny entana ary, amin'ny ankapobeny, ireo izay manana tombontsoa mivantana amin'ny hosoka.

9) Miova toy izao ny fepetra ao amin'ny andininy faha-347:

Antony: Mba hahafahan'ny Sampandraharahan'ny Fadintseranana miomana amin'izay mety ho fanenjehana azy any amin'ny Fitsarana.

Tsy hoe:

Andininy 347. Ny Sampandraharahan'ny Fadintseranana dia tompon'andraikitra amin'ny zavabitan'ny mpiasany amin'ny fanatontosana ny asany sy noho ny asany fotsiny ihany, afa-tsy ny fampakaran-draharaha nataony amin'izy ireo na ny mpiantoka azy.

Fa vakio hoe:

Andininy 347. Ny Sampandraharahan'ny Fadintseranana dia tompon'andraikitra amin'ny zavabitan'ny mpiasany amin'ny fanatontosana ny asany sy noho ny asany fotsiny ihany, afa-tsy ny fampakaran-draharaha nataony amin'izy ireo na ny mpiantoka azy.

2° Ny Sampandraharahan'ny Fadintseranana dia tsy tompon'andraikitra amin'ny fahasimbana, fahapotohana na ny fihenana-danja avy amin'ny antony ara-boajanahary ny entana izay nogiazana na notazonina, na inona na inona fiafaran'ny raharaha.

A- MIKASIKA NY LAZAM-BIDY MOMBA NY FADINTSERANANA :

1) Fanafoanana sy fampidirana sokajy sy zana-tsokajy sasantsasany anaty lazam-bidy ho fampitoviana amin'ny "Système Harmonisé 2017" araky ny toromariky ny Vondrona Iraisam-pirenena misahana ny Fadintseranana :

2)

- Fanafoanana sokajy sy zana-tsokajy 21 :

TARIF N°	DESIGNATION DES PRODUITS	UQN	DD	TVA	DD APEi
0711.10 00	- Oignons	kg	20	20	20
1515.31	- - Huile brute				
1515.31 10	- - - Même conditionnée pour la vente au détail	kg	10	20	5
1515.31 90	- - - Autres (1)	kg	5	20	5
1515.39 00	- - Autres	kg	10	20	5
1515.51	- - Huile brute				
1515.51 10	- - - Même conditionnée pour la vente au détail	kg	10	20	5
1515.51 90	- - - Autres (1)	kg	5	20	5
1515.59 00	- - Autres	kg	10	20	5
1515.91	- - Huile brute				
1515.91 10	- - - Même conditionnée pour la vente au détail	kg	10	20	10
1515.91 90	- - - Autres (1)	kg	5	20	5
1515.99 00	- - Autres	kg	10	20	5
2937.31 00	- - Epinéphrine	kg	5	ex	5
4805.29 00	- - Autres	kg	5	20	5
7319.20 00	- Epingles de sûreté	kg	10	20	10
7319.30 00	- Autres	kg	10	20	10
8540.50 00	- Tubes de visualisation des données graphiques, en noir et blanc ou en autres monochromes	u	10	20	Ex
8540.72 00	- - Klystrons	u	10	20	Ex
9114.20 00	- Pierres	kg	10	20	5
9504.10 00	- Jeux vidéo des types utilisables avec un récepteur de télévision	kg	20	20	15

- Fampidirana sokajy sy zana-tsokajy 23:

TARIF N°	DESIGNATION DES PRODUITS	UQN	DD	TVA	DD APEi
1515.30	- Huile de ricin et ses fractions				
1515.30 10	- - - Huile brute				
1515.30 11	- - - - Même conditionnée pour la vente au détail	kg	10	20	5
1515.30 19	- - - - Autres (1)	kg	5	20	5
1515.30 90	- - - Autres	kg	10	20	5
1515.50	- Huile de sésame et ses fractions				
1515.50 10	- - - Huile brute				
1515.50 11	- - - - Même conditionnée pour la vente au détail	kg	10	20	5

1515.50 19	---- Autres (1)	kg	5	20	5
1515.50 90	--- Autres	kg	10	20	10
1515.90	- Autres				
1515.90 10	--- Huile brute				
1515.90 11	---- Même conditionnée pour la vente au détail	kg	10	20	10
1515.90 19	---- Autres (1)	kg	5	20	5
1515.90 90	--- Autres	kg	10	20	10
2903.78 00	-- Autres dérivés perhalogénés	kg	5	20	5
5702.50 00	- Autres, sans velours, non confectionnés	kg	20	20	15
8460.29 00	-- Autres	u	5	20	ex
8479.7	- Passerelles d'embarquement pour passagers				
8479.71 00	-- Des types utilisés dans les aéroports	u	5	20	ex
8479.79 00	-- Autres	u	5	20	ex
8507.50 00	- Au nickel-hydrure métallique	u	20	20	ex
8507.60 00	- Au lithium-ion	u	20	20	ex

3) Fampiharana fanitsiana tahan'ny habantseranana amin'ny sokajy 107 anaty lazam-bidy araka ny fifanarahana APEi : tahan'ny sokajy "akora fototra sy entana fampitaovana" miisa 5 izay 8% ka nahena ho 0%, tahan'ny sokajy "vokatra anelanelany" miisa 79 izay 8% ka nahena ho 5% ary tahan'ny sokajy "vokatra voahodina" miisa 23 izay 8% ka nampiakarina ho 15% (jereo tovana tarif APEi LFR 2017)

REVISION DES TAUX DD APEI DE 107 LIGNES MARCHA SELON L'OFFRE TARIFAIRE DE L'UNION EUROPEENNE			Au lieu de :	Lire :
N°	Position tarifaire		DD APEi	DD APEi
01	03071200	Huitres, meme séparées de leur coquille, congelées	8	0
02	03071900	Huitres, meme séparées de leur coquille, séchées, salées ou en saumure, meme décortiquées, fumées, meme cuites avant ou pendant le fumage	8	0
03	03075200	Poulpes ou pieuvres (Octopus spp), meme séparées de leur coquille, congelées	8	0
04	03075900	Poulpes ou pieuvres (Octopus spp), meme séparées de leur coquille, séchées, salées ou en saumure, meme décortiquées, fumées, meme cuites avant ou pendant le fumage	8	0
05	84439100	Parties et accessoires des machines et appareils servant à l'impression au moyen de planche, cylindres et autres organes imprimants du N°84.42	8	0
06	03054300	Traites, salées, séchées ou en saumure	8	5
07	03054400	Tilapias, salés, séchés ou en saumure	8	5
08	03063200	Homards, meme décortiqués, vivants, frais, réfrigérés	8	5
09	03072200	Coquilles St Jacques ou peignes, pétoncles ou vanneaux, autres coquillages des genres Pecten, Chlamys ou Placopecten, congelées	8	5
10	03073200	Moules (Mytilus spp, Perna spp), meme séparées de leur coquille, congelées	8	5
11	03074300	Seiches et sépioles; calmars et encornets, meme séparés de leur coquille, congelés	8	5
12	03077200	Clams, coques et arches), meme séparés de leur coquille, congelés	8	5
13	03077900	Clams, coques et arches, meme séparés de leur coquille, séchés, salés ou en saumure, meme décortiqués, fumés, meme cuits avant ou pendant le fumage	8	5
14	03078300	Ormeaux (Haliotis spp) meme séparés de leur coquille, congelés	8	5
15	03078400	Strombes (Strombus spp) meme séparés de leur coquille, congelés	8	5
16	03078700	Autres ormeaux	8	5
17	03078800	Autres strombes	8	5
18	03079200	Autres mollusques, meme séparés de leur coquille, congelés	8	5
19	03081200	Beches-de-mer, congelées	8	5
20	03081900	Beches-de-mer, séchées, salées, ou en saumure	8	5
21	03082200	Oursins, congelés	8	5
22	03082900	Oursins, séchés, salés ou en saumure	8	5
23	03083000	Méduses (Rhopilema spp)	8	5
24	03089000	Autres invertébrés aquatiques autres que les crustacés et mollusques	8	5
25	12019000	Fèves de soja même concassées, Autres	8	5

REVISION DES TAUX DD APEI DE 107 LIGNES MARCHA SELON L'OFFRE TARIFAIRE DE L'UNION EUROPEENNE			Au lieu de :	Lire :
N°	Position tarifaire		DD APEi	DD APEi
26	38248400	Produits chimiques et préparations des industries chimiques ou des industries connexes (y compris celles consistant en mélanges de produits naturels) non dénomés ni compris ailleurs	8	5
27	38248500	Produits chimiques et préparations des industries chimiques ou des industries connexes (y compris celles consistant en mélanges de produits naturels) non dénomés ni compris ailleurs	8	5
28	38248600	Produits chimiques et préparations des industries chimiques ou des industries connexes (y compris celles consistant en mélanges de produits naturels) non dénomés ni compris ailleurs	8	5
29	38248700	Produits chimiques et préparations des industries chimiques ou des industries connexes (y compris celles consistant en mélanges de produits naturels) non dénomés ni compris ailleurs	8	5
30	38248800	Produits chimiques et préparations des industries chimiques ou des industries connexes (y compris celles consistant en mélanges de produits naturels) non dénomés ni compris ailleurs	8	5
31	38249100	Produits chimiques et préparations des industries chimiques ou des industries connexes (y compris celles consistant en mélanges de produits naturels) non dénomés ni compris ailleurs	8	5
32	38249911	Produits chimiques et préparations des industries chimiques ou des industries connexes (y compris celles consistant en mélanges de produits naturels) non dénomés ni compris ailleurs	8	5
33	38249912	Produits chimiques et préparations des industries chimiques ou des industries connexes (y compris celles consistant en mélanges de produits naturels) non dénomés ni compris ailleurs	8	5
34	38249913	Produits chimiques et préparations des industries chimiques ou des industries connexes (y compris celles consistant en mélanges de produits naturels) non dénomés ni compris ailleurs	8	5
35	38249914	Produits chimiques et préparations des industries chimiques ou des industries connexes (y compris celles consistant en mélanges de produits naturels) non dénomés ni compris ailleurs	8	5
36	38249915	Produits chimiques et préparations des industries chimiques ou des industries connexes (y compris celles consistant en mélanges de produits naturels) non dénomés ni compris ailleurs	8	5
37	38249916	Produits chimiques et préparations des industries chimiques ou des industries connexes (y compris celles consistant en mélanges de produits naturels) non dénomés ni compris ailleurs	8	5
